



15 AOGOSITRA 2012

NY TILIKAMBO FIAMBENANA

MANAMBARA NY FANJAKAN'I JEHOVAH



GAZETY FIANARANA

LAHATSORATRA HIANARANA
NY HERINANDRON'NY:

24-30 SEPTAMBRA

'Homba Anareo Aho'

PEJY 3 • HIRA: 65, 2

1-7 OKTOBRA

**Asehoy fa Vahoakan'ny
Fanjakan'Andriamanitra
lanao!**

PEJY 11 • HIRA: 16, 98

8-14 OKTOBRA

**Mitandrema Amin'ny
Fandriky ny Devoly!**

PEJY 20 • HIRA: 61, 25

15-21 OKTOBRA

**Halaviro ny Fandrik'i
Satana!**

PEJY 25 • HIRA: 32, 83



AUGUST 15, 2012

Vol. 133, No. 16 Semimonthly
MALAGASY

NY ZAVA-KENDREN' NY *Tilikambo Fiambenana* dia ny hanome voninahitra an'i Jehovah Andriamanitra, ilay Mpitondra Fara Tampony eo amin'izao rehetra izao. Manazava ny zavamitranga eran-tany mifanaraka amin'ny faminaniana ao amin'ny Baiboly izy ity, toy ny tilikambo fahiny izay nahafahan'ny olona nitazana ny zava-mitrange eny lavitra. Milaza vaovao tsara mampahery koa izy ity, dia ny hoe madiva hanafoana ny faharatsiana rehetra sy hanova ny tany ho paradise ny Fanjakan' Andriamanitra, izay tena fitondram-panjakana any an-danitra. Ankoatra izany, ity gazety ity dia mampirisika ny olona hino an'i Jesosy Kristy, izay nahafoy ny ainy mba hahazoantsika fainana mandrakizay, sady efa mpanjakana'ny Fanjakan' Andriamanitra. Navoakan'ny Vavolombelon'i Jehovah nanomboka tamin'ny 1879 Ny *Tilikambo Fiambenana*, ary tsy momba ny atsy na ny aroa amin'ny politika. Ny Baiboly no tena iorenan'ny zavatra resahiny.

Tsy natao hamidy ity gazety ity. Ny famohaha azy ity dia anisan'ny asa fampianaranana Baiboly maneran-tary tohanana amin'ny alalan'ny fanomezana an-tsitsrapo. Raha tsy misy fanamarihana manokana, dia avy amin'ilay dikan-teny maoderina hoe Ny Soratra *Masina* –*Fandikan-tenin'ny Tontolo Vaovao* ny andinin-teny ato.

The Watchtower (ISSN 0043-1087) is published semimonthly by Watchtower Bible and Tract Society of New York, Inc.; L. Weaver, Jr., President; G. F. Simonis, Secretary-Treasurer; 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483.

FIOVAM-PONENANA: Omeo anay ny adiresinao vaovao sy taloha. © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania. Tsy azo adika na alain-tahaka. Printed in Japan.

ZAVA-KENDREN' NY LAHATSORATRA FIANARANA

LAHATSORATRA FIANARANA 1 PEJY 3-7

Milaza ny faminaniana fa hitombo be "ny tena fahalalana" amin'ny "fotoanan'ny faramy." (Dan. 12:4) Ho hitantsika ao amin'io lahatsoratra io fa tanteraka amin'ny fomba miavaka io faminaniana io. Ho hitantsika ao koa ny porofo fa manampy ny mpanompon'i Jehovah i Jesosy ankehitriny.

LAHATSORATRA FIANARANA 2 PEJY 11-15

Hianarantsika ao amin'io lahatsoratra io hoe iza no tena olom-pirenен'ny Fanjakan' Andriamanitra. Hodinihintsika ao koa hoe inona no takina amin'izy ireo, ary ahoana no ampisehoan'izy ireo fa tia ny fitsipik' Andriamanitra izy ireo.

LAHATSORATRA FIANARANA 3, 4 PEJY 20-29

Mampiasa fandrika miafina i Satana matetika, mba hanimbana ny finoantsika. Hodinihintsika ao amin'ireo lahatsoratra ireo ny fandrika dimy ampiasainy, dia ny teny tsy voafehy, ny tahotra olona, ny famaneholan-tena tafahoatra, ny fitiavankarena, ary ny fanitsakitsaham-bady. Hovelabelarina ao koa hoe inona no azontsika atao mba hialana amin'ireo fandrika ireo.


HO HITANAO ATO KOA

8 "HANDRAY VALISOA IANAREO AMIN'IZAY ATAONAREO"

16 MIRAY SAINA ISIKA ARY MANANA TETIKASA MAHALANJONA

30 TADIDINAO VE?

31 FANTARO NY TANTARANTSINKA



FONONY: Rahalahy mitory amin'ny mpiompy, any Bafatá, any Guinée-Bissau



GUINÉE-BISSAU

MPONINA
1 515 000

MPITORY
120

FAMPIANARANA BAIBOLY
389



'HOMBA ANAREO AHO'

*"Maro no handinika
lalina, ka hitombo be
ny tena fahalalana."*

—DAN. 12:4.

AHOANA NO HAMALIANAO AN'IRETO?

Nahoana no mazava tsara
ankehitriny ny "tena fahalalana"
ao amin'ny Baiboly?

Nahoana no lasa "maro" ny olo-
na nandray ny fahamarinana?

Ahoana no nahatanteraka
an'ilay hoe "hitombo be ny tena
fahalalana"?

A LAO sary an-tsaina ny tenanao ao amin'ny Paradisa. Havitribitrika ianao isaky ny mifoha maraina, ary ho vonona hiatrika ny andro manontolo. Tsy hary intsony ianao, ary tsy hahatsiaro manaintaina. Hiasa tsara koa ny vavahadin-tsainao rehetra, ka hahita tsara ny masonao, handre tsara ny sofinao, ho fantatrao tsara izay zavatra tsapainao, ho renao tsara ny fofona sy ny tsiron-javatra. Hatanjaka be koa ianao, hahafinaritra anao ny asanao, hana-namana maro ianao, ary tsy hitebiteby intsony. Izany no fitahiana miandry anao rehefa mitondra ny Fanjakan'Andriamanitra. Hitahy ny olombelona i Jesosy Kristy Mpanjaka amin'izay, ary hataony azo antoka hoe hahafantatra an'i Jehovah ny olon-drehetra.

2 Hanampy ny mpanompony i Jehovah amin'izay fotoana izay, eo amin'ny asa fampianarana atao maneran-tany. Efa nanampy ny mpanompony foana i Jehovah sy ny Zanany hatramin'izay. Mbola nilaza aza i Jesosy, talohan'ny hiakarany tany an-danitra, hoe "homba" ny mpianany foana izy. (*Vakio ny Matio 28:19, 20.*) Mba hanampiana antsika hatoky an'io tenin'i Jesosy io, dia hodinihintsika ny faminaniana iray nosoratan'i Daniela tany Babylona, 2500 taona lasa izay. Hoy izy, momba ny androntsika: "Maro no handinika lalina, ka hitombo be ny tena fahalalana." (Dan. 12:4) Hitantsika avy amin'io faminaniana io fa hahazo fitahiana lehibe ireo olona mandinika lalina ny Soratra Masina. Hahazo ny "tena fahalalana" izy ireo, izany hoe hahafantatra ny marina avy ao amin'ny Tenin' Andriamanitra. Milaza koa ilay faminaniana fa ho maro

-
- 1, 2. a) Nahoana isika no matoky fa hanampy antsika foana i Jesosy?
b) Inona no vokatry ny fandinihana lalina ny Soratra Masina, araka ny Daniela 12:4?

ny olona handray an'io fahalalana io. "Hito-mbo be ny tena fahalalana", ka ho afaka hafantatra azy io ny olona rehetra hatraiza hatraiza. Hodinihintsika ny fomba nahatantreahan'io faminaniana io, mba hahatonga antsi-ka hiaiky fa momba ny mpianany i Jesosy ankehitriny, ary hotanterahin'i Jehovah ny fampantanenany rehetra amin'ny hoavy.

NAZAVA NY "TENA FAHALALANA"⁵

³ Efa voalaza mialoha fa hisy ny fivadiham-pinoana, rehefa maty ny apostoly. Nitranga to-koa izany, ary niely haingana be. (Asa. 20:28-30; 2 Tes. 2:1-3) Takona tanteraka ny "tena fahalalana" ny Tenin'Andriamanitra, nandritra ny taonjato maro, ka tsy nahalala ny marina intsony na dia ireo nilaza azy ho Kristiani-na aza. Nilaza ho mino ny Soratra Masina ireo mpitondra fivavahana, nefä nampianatra lainga manala baraka an'Andriamanitra, dia "fampianaran'ny demonia." (1 Tim. 4:1) Tao anatin'ny haizina ara-panahy ny olona, vokatr' izany. Nampianarina azy ireo fa Telo Izay Iray Andriamanitra, tsy mety maty ny fanahy, ary hampijalijalina any amin'ny afobe ny fanahin' ny olona sasany.

⁴ Niova anefa izany tamin'ny 1870, izany hoe 40 taona teo ho eo talohan'ny nanombohan'ny "andro farany." Nisy Kristianina vitsivitsy tany Pennsylvanie, any Etazonia, niara-nandalina ny Baiboly sy nikaroka ny fahamarinana. (2 Tim. 3:1) Nantsoina hoe Mpianatra ny Bai-boly ireo olona tso-po ireo. Nanetry tena izy ireo, ary tena naniry hanao ny sitrapon'Andriamanitra. Midika izany fa tsy izy ireo mihitsy ireo olona nolazain'i Jesosy hoe 'hendry sy mahira-tsaina' hanafenana ny fahamarinana.

3. Nanao ahoana ny fahalalana ny Tenin'Andriamanitra taorian'ny nahafatesan'ny apostoly?

4. Ahoana no nataon'ireo Mpianatra ny Baiboly, mba hi-karohana ny fahamarinana?

(Mat. 11:25) Namaky tsara ny Baiboly izy ireo, niara-nandinika sy nisaintsaina izay novakiny, ary nivavaka mba hahazo ny tari-dalan'i Jehovah. Nampitahain'izy ireo koa ny andinin-teny ao amin'ny Baiboly, ary nodinihiny ny fanazavan'ny olon-kafa efa nanao fikarohana. Takatr' izy ireo tsikelikely àry ireo fahamarinana takona nandritra ny taonjato maro.

⁵ Tena faly tamin'izay nianarany ny Mpianatra ny Baiboly, kanefa tsy nirehareha izy ireo. Niaiky izy ireo fa efa tao amin'ny Baiboly foana ny zavatra nianarany, fa tsy hoe nahita *zava-baovao* izy ireo. (1 Kor. 8:1) Namoaka karazana taratasy mivalona maromaro àry izy ireo, ka nampitondrainy ny lohateny hoe *Teolojia Taloha*, izany hoe ny fampianarana voalohany. Ny tanjon'izy ireo, dia ny hampahafantatra ny olo-na ny fahamarinana efa ao amin'ny Baiboly. Voalaza tao amin'ilay taratasy mivalona voalo-hany hoe 'afaka manafatra boky ny olona mba hianarany Baiboly. Ho afaka hiala amin'ny fomba amam-panao diso izy ireo amin'izay, ka hanaraka ny teolojia taloha, izany hoe ny fampianaran'i Jesosy sy ny apostoly.'—*Teolojia Taloha* (anglisy), No. 1, April 1889, p. 32.

⁶ Maro ny fahamarinana sarobidy fantatsika, nanomboka tamin'ny 1870.* Tsy mankaleo izy ireny, ary tsy hoe hevitra be fotsiny. Tena manatsara ny fiainantsika kosa izy ireny, ma-hasambatra antsika, ary mahatonga antsika hanana fanantenana. Lasa mahafantatra ny toetran'i Jehovah sy ny fikasany koa isika, re-

* Handray soa ianao raha mijery ny fizarana voalohany sy faharoa amin'ilay DVD hoe *Nampiseho ny Finoany ny Vavolombelon'i Jehovah*.

5. Inona no tanjon'ny Mpianatra ny Baiboly, rehefa namoaka ar'ilay taratasy mivalona hoe *Teolojia Taloha*?

6, 7. a) Inona avy no fahamarinana takatsika nanomboka tamin'ny 1870? b) Inona no fahamarinana tena tianao indrindra?

hefa mianatra ny fahamarinana. Takatsika koa hoe inona no anjara asan'i Jesosy, nahoana izy no tonga tetè an-tany sy maty, ary inona no ataony izao. Fantatsika koa hoe nahoana Andriamanitra no mamela ny fijaliana hisy, nahoana isika no maty, ahoana no fomba tokony hivavahantsika, ary ahoana no ahitana ny tena fahasambarana.

⁷ Maro ny faminaniana nohazonina ho "zava-miafina", kanefa tanteraka amin'izao andro farany izao. Faly isika satria takatsika izy ireny. (Dan. 12:9) Takatsika ny faminaniana ao amin'ny Filazantsara sy ny Apokalypsy. Nampian'i Jehovah aza isika hahatakatra an'ireo zava-nitranga tsy hitan'ny masontsika. Anisan'izany ny naha lasa Mpanjaka an'i Jesosy, ny ady nitranga tany an-danitra, ary ny nanipazana an'i Satana tetè an-tany. (Apok. 12:7-12) Nampiany koa isika hahafantatra ny dikan'ireo zavatra hitantsika. Fantatsika hoe nahoana no misy ny ady, horohoron-tany, areti-mandringana, mosary, ary nahoana ny olona no tsy matahotra an'Andriamanitra ka lasa 'sarrotra' ny fiainana sady "tsy mora setraina." –2 Tim. 3:1-5; Lioka 21:10, 11.

⁸ Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany: "Sambatra ny maso mahita izay hitanareo. Fa lazaiko aminareo fa mpaminany sy mpanjaka maro no naniry hahita izay hitanareo ankehitriny fa tsy nahita, sy naniry handre izay renareo ankehitriny fa tsy nahare." (Lioka 10:23, 24) Misaotra an'i Jehovah isika ankehitriny satria afaka 'mahita' sy 'mandre' toa an'ireo mpianatr'i Jesosy, izany hoe mahatakatra ny fahamarinana. Faly koa isika fa nahazo "mpanampy", dia ny fahahy masina, mba hitari-dalana antsika "ho amin'ny fahamarinana rehetra." (*Vakio ny Jao-na 16:7, 13.*) Tokony hankamamantsika foana

⁸. Iza no tokony hankasitrahantsika noho ireo zavatra hitantsika sy rentsika?

àry ny fahamarinana, ary tsy ho tia tena isika fa hizara izany amin'ny hafa.

"MARO" NO NANDRAY NY "TENA FAHALALANA"

⁹ Nisy antso hoe mitady mpitory 1000, tao amin'ny *Tilikambo Fiambenana* Aprily 1881, izany hoe herintaona mahery kely taorian'ny nisian'ny *Tilikambo Fiambenana*. Nasaina izay mpitory afaka manompo bebe kokoa mba hirotsaka ho mpisava lalana. Nampirisihina izy ireo hitory any amin'ny toerana rehetra, mba hitady an'ireo olona tia an'Andriamanitra nefy tsy mahalala ny fahamarinana. Nasaina koa izy ireo mba hampianatra an'ireny olona ireny ny marina momba an'Andriamanitra sy ny Baiboly.

¹⁰ Hita avy amin'io antso io fa takatry ny Mpianatra ny Baiboly hoe ny fitoriana ny vao-vao tsara no asa lehibe indrindra tokony hattaon'ny Kristianina. Tena be fanantenana izy ireo rehefa nanao an'ilay antso hoe mitady mpitory arivo, satria vao zato monja ny mpnatrika favoriana tamin'izany. Maro tamin'ireo olona namaky gazety na taratasy mivalona anefa no niaiky fa nahita ny fahamarinana, ka namaly an'ilay antso. Namaky *Tilikambo Fiambenana* iray sy bokikely iray, ohatra, ny olona iray tany Londres, tamin'ny 1882. Nanoratra izy hoe: "Mba atoroy ahy ny fomba fitory sy ny hafatra hotorina, mba handraisako anjara amin'ilay asa mahafinaritra tian'Andriamanitra hatao."

¹¹ Nisy 300 teo ho eo ny mpisava lalana tamin'ny 1885. Mitovy amin'ny tanjontsika ihanany ny tanjon'izy ireo, dia ny hanampy ny olona

⁹. Inona no antso nalefa tao amin'ny *Tilikambo Fiambenana* Aprily 1881?

¹⁰. Inona no vokatr'ilay antso hoe mitady mpitory arivo?

^{11, 12.} a) Inona no itovizantsika amin'ireo mpisava lalana fahiny? b) Ahoana no nataon'ny mpisava lalana fahiny mba hanorenana fiangonana na "kilasy"?

ho lasa mpianatr'i Jesosy. Tsy mitovy anefa ny fomba fiasa. Ampianarina tsirairay any an-tranonny ny olona ankehitriny, ary asaina hivory hijaraka amin'ny fiangonana efa misy. Tsy toy izany anefa taloha: Omen'ny mpisava lalana boky ny olona, ary tsy ampianariny tsirairay izay olona liana, fa miaraka ampianarina. Ireny olona maromaro, miara-mianatra, ireny no lasa nantsoina hoe "kilasy", izany hoe fiangonana.

¹² Nanao ezaka manokana tao amin'ny tanàna iray, ohatra, ny mpisava lalana vitsivitsy, tamin'ny 1907. Notadiavin'izy ireo hoe iza ny olona efa nanana an'ilay boky hoe *Fiandohan'ny Arivo Taona* (izay antsoina koa hoe *Fianarana ny Soratra Masina*). Nanao tatitra *Ny Tilikambo Fiambenana* hoe: 'Novorin'izy ireo tao an-tranon'ny olona liana ireny olona ireny, indray alahady. Nohazavaina tamin'izy ireo ny fikasan' Andriamanitra momba ny olombelona, ka naharitra tontolo andro izany. Nivory toy izany koa izy ireo ny alahady nanaraka, ary nasaina

Nanetry tena ireo Mpianatra ny Baiboly voalohany, ary tena naniry hanao ny sitrapon'Andriamanitra



nanao fivoriana tsy tapaka izy ireo nanombo-ka teo.' Novana ny fomba fiasa tamin'ny 1911. Nisy mpiandraikitra mpitety faritany 58 nasaina nanao lahateny nanerana an'i Etazonia sy Kanada. Nalain'izy ireo ny anarana sy ny adiresin'ireo olona liana, tonga nanatrika an'ilay lahateny. Nozarazarainy hivory tamin'ny tranon'ny olona liana maromaro izy ireo, ka lasa nisy "kilasy" maromaro niforona. Nisy fiangonana 1 200 manieran-tany, tamin'ny 1914.

¹³ Misy fiangonana 109 400 eo ho eo izao maneran-tany, ary misy mpisava lalana 895 800 eo ho eo. Efa ho valo tapitrisa ny olona mahazo ny "tena fahalalana" avy ao amin'ny Baiboly, ary mampihatra izany eo amin'ny fiainany. (*Vakio ny Isaia 60:22.*)^{*} Tena mampiaiky izany, satria nilaza i Jesosy fa "ho halan'ny olona rehetra" ny mpanara-dia azy, noho ny anarany. Nilaza koa izy fa henjehina izy ireo, hogadraina, ary hovonoina mihitsy aza. (Lioka 21:12-17) Manohitra antsika vahoakan'i Jehovah i Sata-na sy ny demoniany, ary manenjika antsika ny olona maro, nefo tena mandroso be ny asa fitoriania. Mitory "maneran-tany" isika ankehitriny, any amin'ny faritra faran'izay mafana ka hatrany amin'ny faritra faran'izay mangatsiaka. Mitory any an-tany efitra koa isika, any antendrombohitra, any an-tanàn-dehibe, ary any ambanivohitra lavitra indrindra. (Mat. 24:14) Tsy vita izany rehetra izany raha tsy ampian' Andriamanitra!

'NITOMBO BE NY TENA FAHALALANA'

¹⁴ 'Nitombo be ny tena fahalalana', noho ny asan'ireo mpitroy maro be. 'Nitombo be' koa

* Jereo *Ny Faminanian'i Isaia—Fahazavana ho An'ny Olombelona Rehetra II*, pejy 320.

¹³. Inona no tena mampiaiky anao momba ny asa fitoriania?

¹⁴. Ahoana no 'nitomboan'ny fahalalana', tamin'ny alalan'ny boky sy gazety?

ny "tena fahalalana" noho ireo boky sy gazety. Tamin'ny Jolay 1879 no natao pirinty voalohany ity gazety ity, ary nantsoina hoe *Ny Tilikambo Fiambenan'i Ziona Sady Mpanambara ny Fanatrehan'i Kristy*. Orinasa nokaramaina no nanao azy io. Niisa 6 000 no natao pirinty, ary mbola tamin'ny teny anglisy fotsiny izany. I Charles Russell, izay 27 taona tamin'izay, no notendrena ho mpiandraikitra ny famoahana azy io, ary rahalahy matotra dimy no mpanoratra an'ireo lahatsoratra. Adika amin'ny fiteny 195 *Ny Tilikambo Fiambenana* ankehitriny. Izy io no gazety miely indrindra erantany, satria misy 42 182 000 no indray mivoaka. Ny gazety *Mifohaza!* no manarakaraka azy, satria miisa 41 042 000 no indray mivoaka, ary vita amin'ny fiteny 84 izany. Misy boky sy Bai'boly zato tapitrisa eo ho eo koa atao pirinty isan-taona.

¹⁵ Avy amin'ny fanomezana an-tsitraro ny vola anaovana izany asa goavana izany. (*Vakio ny Matio 10:8.*) Mampiaiky an'ireo orinasa mpanao pirinty izany, satria fantatr'izy ireo fa lafo ny milina fanaovana pirinty, ny taratasy, ny ranomainty, ary ny fitaovana hafa. Hoy ny Betelita iray mpividy entana ho an'ny Betela: "Gaga ny mpandraharaha rehefa mitsidika ny fanontam-pirintintsika, satria tena avo lenta ireo milina ampiasaintsika sady mahavita piri-nty be dia be, nefo fanomezana an-tsitraro no ividianana ny zava-drehetra. Gaga koa izy ireo hoe falifaly erè ny Betelita sady be dia be ny tanora."

HO FENO FAHALALANA AN'I JEHOVAH NY TANY

¹⁶ Nataon'i Jehovah nitombo be ny "tena fahalalana", satria tiandy 'hovonjena ny karazan'

^{15.} Ahoana no ahazoana vola anaovana pirinty ny bokintsika?

^{16.} Nahoana no nataon'i Jehovah nitombo be ny "tena fahalalana"?




Sarobidy amin'i Jehovah ny ezaka ataonao, mba hampielezana ny "tena fahalalana" an'Andriamanitra

olona rehetra', ary tiandy 'hahalala tsara ny fahamarinana.' (1 Tim. 2:3, 4) Ho afaka hanompo azy amin'ny fomba ankasitrahany ny olona rehefa mahalala ny marina, ka handray fitahiana. Afaka nanangona an'ireo sisa voahosotra i Jehovah, rehefa nazava ny "tena fahalalana" ao amin'ny Baiboly. Afaka nanangona an'ireo "vahoaka be" koa izy, dia ireo olona maro be 'avy amin'ny firenena sy foko sy vahoaka ary fiteny rehetra', izay manantena hiaina eto an-tany. —Apok. 7:9.

¹⁷ Nandroso be ny fivavahana marina nadritra izay 130 taona izay, ary nihamaro be ny mpanompon'i Jehovah. Midika izany fa 'momba' antsika i Jehovah sy Jesosy Kristy Mpajaka, ka mitarika sy miaro antsika, ary mandamina sy mampianatra antsika. Midika koa izany fa tsy maintsy ho tanteraka ny fampanantenan'i Jehovah amin'ny hoavy. "Ho feno fahalalana an'i Jehovah ny tany, toy ny anaronan'ny rano ny fanambanin'ny ranomasina." (Isaia 11:9) Eritrereto ange ny fitahiana ho azon'ny olombelona amin'izany fotoana izany e!

^{17.} Midika ho inona ho antsika ny fandrosoan'ny fivavahana marina?

"Handray Valisoa Ianareo Amin'izay Ataonareo"



NITARIKA ny tafiny handeha hiady i Asa Mpanjaka, indray mandeha. Avy any amin'ny tendrombohitr'i Jodia izy ireo, ary ho any amin'ny lemaka any amoron-tsiraka. Nandeha mafy izy ireo nidina ny lohasaha iray, kanefa nijanona tampoka i Asa teo amin'ny toe-rana malalaka iray. Taitra izy nahita an'ireo tafika etiopianina maro be nitoby terè ambany terè. Angamba iray tapitrisa izy ireo, nefo antsasak'izany ny tafiny.

Inona no nataon'i Asa raha vao nahita an'izany? Hanome baiko ny jeneraliny ve? Sa hampahe-ry ny miaramilany? Sa hanoratra ho an'ny fiana-kaviany? Tsia. Nivavaka izy.

Hoyerentsika hoe olona nanao ahoana i Asa, alohan'ny handinihantsika ny vavaka nataony sy izay nitranga tamin'io andro io. Inona no nahatonga azy hivavaka? Mety ve ny ninoany hoe hanam-py azy i Jehovah? Ahoana no fomba itahian'i Jehovah ny mpanompony, rehefa jerena ny tanta-ran'i Asa?

OLONA NANAO AHOANA I ASA?

Feno fanompoan-tsampy tao Joda nandritra ny 20 taona, taorian'ny nizaran'ny Israely ho fanjakana roa. Izany no niainan'i Asa, rehefa lasa mpanjaka izy tamin'ny 977 T.K. Nanompo sampy na dia ny olona tao amin'ny fitondrana aza. Nivava-ka tamin'ny andriamaniry ny fiterahana, nivava-han'ny Kananita, izy ireo. I Asa kosa anefa 'na-nao izay tsara sy mahitsy teo imason'i Jehovah Andriamaniry. Nesoriny ireo alitaran'ny firenen-kafa sy ireo toerana avo, nopotehiny ireo tsangambato masina, ary nokapainy ireo tsato-kazo masina.' (2 Tan. 14:2, 3) Nesoriny tao amin'ny fa-

njakan'ny Joda koa "ireo lehilahy mpivaro-tenan'ny tempoly", izay nanao firaisana tamin'ny lehilahy (anisan'ny fanao tamin'ny fotoam-pivavahan' izy ireo izany). Tsy hoe nanala ny fivavahan-diso fotsiny anefa i Asa. Nampirisika ny olona koa izy mba "hitady an'i Jehovah Andriamaniry ny razany", ka 'hankatò ny lalàny sy ny didiny.' –1 Mpanj. 15:12, 13; 2 Tan. 14:4.

Faly tamin'ny zotom-pon'i Asa i Jehovah, ka nataony niadana ny mponin'i Joda. Afaka nilaza àry i Asa hoe: 'Efa nitady an'i Jehovah Andriamanitsika isika. Eny, efa nitady azy, ka nataony mandry feizay eo anivor'ny fahavalontsika rehetra manodidina.' Nanararaotra izany izy ireo, ka nanamafy ny mandan'ireo tanàna eran'ny fanjakan'ny Joda. Milaza ny Baiboly hoe: "Nanori-na izy ireo ka nahavita izany soa aman-tsara." –2 Tan. 14:1, 6, 7.

NY ZAVA-NITRANGA REHEFA NANDEHA NIADY

Tsy tokony ho gaga àry isika hoe nahoana i Asa no nivavaka, rehefa hifandrina tamin'ilay tafika lehibe indrindra voaresaka ao amin'ny Baiboly. Fantany fa mamaly soa an'izay mino azy Andriamanitra. Fantany fa handresy izy, na maro sy mahery aza ny fahavalony, raha miantehitra amin'i Jehovah izy ary mahazo ny fanampiany. Fantatr'i Asa koa fa hisy vokany eo amin'ny ana-ran'i Jehovah ilay ady. Nivavaka àry izy hoe: "Ampio izahay, ry Jehovah Andriamanitray ô, fa ianao no ianteheranay, ary amin'ny anaranao no ahatongavanay eto hiady amin'io vahoaka io. Je-hovah ô, ianao no Andriamanitray! Aza avela handresy anao ny olombelona mety maty." (2 Tan. 14:11) Toy ny nilaza i Asa teo hoe: 'Manafika anao



Mamaly soa
an'ireo miady
maf y mba tsy
hivadika aminy
i Jehovah

ny Etiopianina, Jehovah ô! Aza avela handresy an'ireo mpanomponao ny olombelona malemy, ary aza avela hanala baraka ny anaranao.' Inona no vokany? "Nataon'i Jehovah resy teo anoloan'i Asa sy ny Joda ny Etiopianina, ka nandositra."—2 Tan. 14:12.

Matrika fahavalo mahery maro koa ny vahoakan'i Jehovah ankehitriny. Tsy fiadiana ara-bakiteny anefa no hoentintsika manohitra azy ireny, fa fiadiana ara-panahy. Ataon'i Jehovah mandresy isika raha tsy mivadika aminy sy miaro ny anarany. Mila miady maf y angamba isika mba handresena ny toe-tsain'ity tontolo ity, na mba hiarovana ny fianakavantsika amin'ny lafiny arapanahy, na mba handresena ny fahalementsika. Mampahery antsika anefa ny vavak'i Asa, na inona na inona olana atrehintsika. I Jehovah no nanome fandresena an'i Asa, ka afaka mandresy koa isika raha miantehitra aminy. Tsy misy olana tsy resin'i Jehovah, satria izy no mahery indriindra!

FAMPAHEREZANA SY FAMPITANDREMANA

Nihaona tamin'i Asa i Azaria mpaminany, rehefa niverina avy niady izy. Sady nampahery an'i Asa izy no nampitandrina azy. Hoy izy: "Mihaina ahy, ry Asa mbamin'ny Joda sy ny Benjamin rehetra! Momba anareo foana i Jehovah, raha momba azy ianareo. Ary raha mitady azy ianareo, dia hataony izay hahitanareo azy, fa raha mahafo y azy kosa, dia hafoiny koa. ... Mahereza ianareo, ary aza miraviravy tanana, fa handray valisoa ianareo amin'izay ataonareo."—2 Tan. 15:1, 2, 7.


Manatanjaka ny finoantsika ireo teny ireo. Hita avy amin'ireo fa homba antsika foana i Jehovah,

raha tsy mivadika isika. Hihaino antsika izy, rehefa mitalaho fanampiana isika. Nilaza koa i Azaria hoe "mahereza", izany hoe manàna herim-po. Mitaky herim-po ny fanaovana ny marina matetika, nef a ho vitantsika izany noho ny fanampian'i Jehovah.

Nanana "samby mahatsiravina" i Maka reniben'i Asa, mba "hivavahana tamin'ny tsato-kazo masina." Nesorin'i Asa tsy ho "andriambavy" izy noho izany, na dia maf y tamin'i Asa aza izany. Nodorany koa ilay samby. (1 Mpanj. 15:13) Notahin'i Jehovah i Asa noho izy be herim-po sy nanao ny tsara. Mila manaraka ny fitsipik'i Jehovah foana koa isika, na dia mivadika amin'i Jehovah az a ny mpianakavintsika. Homeny valisoa isika raha manao izany.

Nahazo valisoa maro i Asa. Anisan'izany ny hoe nahita an'ireo Israelita maro be avy any amin'ny fanjakana nivadi-pinoana tany avaratra, nifandra nankany amin'ny fanjakan'ny Joda. Hitam'ireo Israelita ireo fa nanampy an'i Asa i Jehovah. Tia ny fivavahana marina izy ireo, ka naleony niala tany amin'ny taniny mba hiaraka amin'ny mpanompon'i Jehovah. "Nanao fifanekena" i Asa sy ny mponin'i Joda, taty aoriane, hoe 'hitady an'i Jehovah amin'ny fony manontolo sy ny tenany manontolo.' Inona no vokatr'izany? "Nataon'Andriamanitra izay hahitan'izy ireo azy. Ary nataon'i Jehovah nandry feizay teo anivon'ny fahavalony rehetra nanodidina izy ireo." (2 Tan. 15:9-15) Faly koa isika rehefa misy olona tia ny fahamarinana ka manaraka ny fivavahana marina!

Tadidio koa anefa fa nampitandrina i Azaria hoe: 'Raha mahafo y an'i Jehovah ianareo, dia hafoiny koa.' Tsy tokony hahafo y an'i Jehovah



Ilaina ny
herim-po
mba hanaovana
ny tsara

mihitsy isika, satria ho loza ny vokany. (2 Pet. 2: 20-22) Tsy lazain'ny Soratra Masina hoe nahoana i Jehovah no nampitandrina an'i Asa. Lazainy ko-sa hoe tsy nanaraka an'ilay fampitandremana izy.

"HADALANA MIHITSY IZANY NATAONAO IZANY"

Nanafika an'i Joda i Basa mpanjakan'ny Israely, tamin'ny taona faha-36 nanjakan'i Asa. Tsy tiany ho any amin'i Asa angamba ny vahoakany, sady tsy tiany hanaraka ny fivavahana marina, ka nohamafisiny ny mandan'ny tanànan'i Rama, izay valo kilaometatra avaratr'i Jerosalema. Ahoa-na no nataon'i Asa? Nila vonjy tamin'ny Syrianina izy, fa tsy nangataka ny fanampian'i Jehovah toy ny nataony tamin'ny Etiopianina. Notambazany fanomezana ny mpanjakan'i Syria mba hanafika ny fanjakan'i Basa. Niala tao Rama i Basa rehefa nanafika azy ny Syrianina.—2 Tan. 16:1-5.

Tsy faly tamir'i Asa i Jehovah. Tokony ho nadray fianarana i Asa rehefa nandresy an'ireo Etiopianina. Tokony ho takany hoe 'mijery eny rehetra eny manerana ny tany ny mason'i Jehovah, mba hanehoany ny heriny hamonjena izay mifikitra aminy amin'ny fo manontolo.' Nisy nanome torohevitra ratsy angamba i Asa, na nihevitra fa tsy tena nampahatahotra ny tafik'i Basa, ka tsy mila ny fanampian'i Jehovah izy. Na ahoana na ahoana, dia niantehitra tamin'ny olombelona izy fa tsy tamin'i Jehovah. Nasain'i Jehovah nilaza taminy àry i Hanany mpaminany hoe: "Hadalana mihitsy izany nataonao izany, ka hisy hiady aminao foana manomboka izao."—2 Tan. 16:7-9.

Tezitra be i Asa rehefa nandre izany, ka nogadrainy i Hanany. (2 Tan. 16:10) Nihevitra ve i Asa

hoe tsy tokony hotenenina mafy toy izany izy satria efa tsy nivadika nandritra ny taona maro? Sa tsy nisaina tsara intsony izy, satria efa nihantitra? Tsy haintsika ny valiny satria tsy milaza izany ny Baiboly.

Nisy narary teo amin'ny tongotr'i Asa, taty aoriania, tamin'ny taona faha-39 nanjakany, ka narary mafy izy. "Na dia tamin'izay aza anefa, dia tsy nitady an'i Jehovah izy, fa nitady mpanasitran'a." Toa tsy dia tsara intsony ny fifandraisany tamin'i Jehovah, ary toa izany foana, mandra-pahafatiny tamin'ny taona faha-41 nanjakany.—2 Tan. 16:12-14.

Na izany aza, dia ny toetra tsarany sy ny zotompony tamin'ny fivavahana marina no tsaroan'i Jehovah, fa tsy ny fahadisoany. Tsy nitsahatra nano-mpo an'i Jehovah i Asa. (1 Mpanj. 15:14) Inona no ianarantsika avy amin'ny tantarany? Tsara ny hitadidantsika ny fomba nanampian'i Jehovah antsika tamin'ny lasa, satria izany no handrisika antsika hangataka ny fanampiany rehefa misy fitsapana vaovao. Tsy tokony hihevitra koa isika hoe tsy mila ny torohevity ny Soratra Masina, satria hoe efa nanompo nandritra ny taona maro. Na inona na inona fanompoana vitantsika, dia hanitsy antsika i Jehovah raha manao fahadisoana isika. Tokony hanetry tena isika ka hanaiky ny fanitsiany, mba handraisantsika soa. Ny tena zava-dehibe dia hoe homba antsika i Jehovah, raha tsy mivadika aminy mihitsy isika. Mijery manerana ny tany izy, mba hitady an'izay tsy mivadika aminy. Hampiasa ny heriny izy mba hanampiana antsika raha tsy mivadika isika. Nanao izany izy tamin'i Asa, ka afaka manao izany amintsika koa.



ASEHOY FA VAHOAKAN' NY FANJAKAN' ANDRIAMANITRA IANAO!

*"Aoka ianareo hitondra
tena mendrika."*

—FIL. 1:27.

AHOANA NO HAMALIANAO AN'IRETO?

Iza avy no manana tombontsoa
ho olom-pirenен'ny Fanjakan'
Andriamanitra?

Inona no dikan'ny hoe mianatra
ny fiteny sy ny tantara ary ny
lalànilay Fanjakana?

Ahoana no ampisehoan'ny
vahoakan'ilay Fanjakana fa tiany
ny fitsipik'Andriamanitra?

HOY ny apostoly Paoly tamin'ny Kristianina tao Filipy: "Aoka ianareo hitondra tena mendrika ny vaovao tsara." (*Vakio ny Filipianina* 1:27.) Ilay teny grika hoe 'mitondra tena', dia midika koa hoe "mitondra tena toy ny olom-pirenena." Nisy dikany manokana ho an'ny Kristianina tao Filipy io tenin'i Paoly io. Nahoana? Satria anisan'ireo olona navela hizaka ny zom-pirenena romanina ny mponina tao Filipy. Nirehareha ny olona tao Filipy sy nanerana ny Fanjakana Romanina, rehefa nahazo ny zom-pirenena romanina, satria nahazo tombontsoa manokana, ohatra hoe narovan'ny lalàna romanina.

² Nanana antony lehibe kokoa hireharehana anefa ireo Kristianina tany Filipy. Nampahatsiahy azy ireo i Paoly fa voahosotra izy ireo, ka noho izany dia "olom-pirenен'ny lanitra." (Fil. 3:20) Tsy olom-pirenен'ny fanjakan'olombelona fotsiny àry izy ireo, fa olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra. Vokatr'izany, dia mahazo tombontsoa sy fiarovana tsy manam-paharoa izy ireo.—Efes. 2:19-22.

³ Ireo hiara-manjaka amin'i Kristy any an-danitra no tena nampirisihin'i Paoly mba hitondra tena toy ny olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra. (Fil. 3:20) Natao ho an'ireo hofehezin'ny Fanjakan'Andriamanitra koa anefa izy io, dia ireo hiaina mandrakizay eto an-tany. Nahoana? Satria Mpanjaka iray ihany no tompon'ny Kristianina nanokan-tena rehetra, dia i Jehovah. Mitovy ihany koa ny fitsipika arahintsika rehetra. (Efes. 4:4-6) Miezaka mafy ny olona ankehitriny mba hahazo zom-pirenena any

1, 2. Nahoana no nisy heviny manokana ho an'ny Kristianina tany Filipy ny torohevitr'i Paoly?


3. a) Iza avy no manana tombontsoa ho olom-pirenен'ny Fanjakan' Andriamanitra? b) Inona no hodinihintsika ato amin'ity lahatsoratra ity?

amin'ny tany manankarena. Tsy vao mainka ve tokony ho sarobidy amintsika ny hoe ho olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra? Mitovitovy amin'ny fepetra takin'ny fanjakan'olombelona ny fepetra takina amin'izany. Andeha isika handinika izany mba hahatonga antsika hankasitraka kokoa ny tombontsoa ananantsika. Handinika zavatra telo tsy maintsy hatao koa isika, raha tiantsika foana ny ho olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra.

FEPETRA TAKINA AMIN'IREO TE HO OLOM-PIRENEN'NY FIRENENA IRAY

4 Mianatra ny fiteniny. Takin'ny firenena sasany ny hoe tsy maintsy mahay ny fiteniny izay olona te hahazo ny zom-pireneny. Na dia rehefa mahazo an'ilay zom-pirenena aza anefa ilay oloña, dia mbola mila miezaka an-taonany maro mba hahay tsara an'ilay fiteny. Mety ho vetivety izy dia hahay ny fitsipi-pitenenana, kanefa ho elaela vao hahay hanonona tsara an'ireo teny. Toy izany koa fa tsy maintsy mianatra ny "fiteny madio" ny olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra. (*Vakio ny Zefania 3:9*) Inona ilay hoe fiteny madio? Izy io dia ny marina momba an'i Jehovah sy ny fikasany, hita ao amin'ny Baiboly. Toy ny hoe miteny an'io fiteny io isika rehefa ampiharintsika eo amin'ny fainantsika ny lalàn'Andriamanitra sy ny toro lalany. Mety ho vetivety ny olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra dia hahay ny fahamarinana fototra ao amin'ny Baiboly ary hatao batisa. Mbo-la mila miezaka hahay kokoa an'ilay fiteny madio anefa izy ireo, aorian'izay. Amin'ny fomba ahoana? Mila miezaka foana izy ireo mba hiaina mifanaraka amin'izay ianarany ao amin'ny Baiboly.

5 Mianatra ny tantarany. Mety hasain'ny fire-



Toa an'ireo zanak'i Kora ve ianao, ka tia ny fivavahana marina sy ny tantaran'izy io?

nena sasany hianatra ny tantarany koa ny oloña te hahazo ny zom-pireneny. Toy izany koa fa mila mianatra ny zava-drehetra momba ny Fanjakan'Andriamanitra izay maniry ho olom-piren'izy io. Diniho ny ohatra navelan'ireo zanak'i Kora. Tian'izy ireo i Jerosalema sy ny toeram-pivavahana tao, ary tian'izy ireo ny ni-resaka ny tantaran'i Jerosalema. Tsy ny hakanton'ilay tanàna fotsiny no nahatonga azy ireo ho tia an'i Jerosalema, fa noho izy io tanànan'i Jehovah ilay "Mpanjaka Be Voninahitra." Tao ihany koa no foiben'ny fivavahana marina, sy nianarana momba ny Lalàn'i Jehovah. I Jehovah tokoa mantsy no tena Mpanjakan'i Jerosalema, ary izay vahoaka teo ambany fifehezany no nanehoany hatsaram-panahy feno fitiavana. (*Vakio ny Salamo 48:1, 2, 9, 12, 13*) Maniry hianatra ny tantaran'ny fandaminan'i Jehovah sy hiresaka izany amin'ny hafa koa ve ianao, toy

ny nataon'ireo zanak'i Kora? Arakaraka ny ianaranao momba ny fandaminana sy ny fomba anampian'i Jehovah ny vahoakany, dia vao mainka tena hisy aminao ny Fanjakan'Andriamanitra. Vao mainka koa ianao te hitory ny vaovao tsaran'ilay Fanjakana.—Jer. 9:24; Lioka 4:43.

6 Mahay ny lalàny. Takin'ny fanjakan'olombelona ny hoe mila mahay sy mankatò ny lalàna ao amin'ilay tany ny olom-pireneny. Ara-dalàna àry raha milaza i Jehovah hoe tsy maintsy mianatra sy mankatò ny lalàny sy ny toro lalany ny olom-pirenén'ilay Fanjakana. (Isaia 2:3; Jaona 15:10; 1 Jaona 5:3) Matetika no misy diso ny lalàn'olombelona sady miangatra. "Tonga lafatra" kosa ny "lalàn'i Jehovah." (Sal. 19:7) TIANAO ve ny lalàn'Andriamanitra, ka vakinao isan'andro ny Teniny? (Sal. 1:1, 2) Isika mihitsy no mila mianatra ny lalàn'i Jehovah, fa tsy misy olona afaka manao izany ho antsika.

TOKONY HO TIA NY FITSIPIK'ANDRIAMANITRA ISIKA

7 Tsy ampy ny hoe mahalala ny fitsipik'Andriamanitra, raha maniry ho vahoakan'ilay Fanjakana foana isika. Mila tiavintsika koa ny fitsipiny. Maro ny olona *milaza* fa ekeny ny lalàna ao amin'ny tany misy azy. Mandika lalàna anefa izy ireo rehefa tsy tiany ilay izy, na tsy misy mahita izy. Te hahazo "sitraka amin'olona" fotsiny izy ireny matetika, matoa mankatò lalàna. (Kol. 3:22) Tsy toy izany anefa ny olom-pirenén'ilay Fanjakana. Nahoana? Satria tiantsika ilay Mpamome lalàna antsika, ka faly isika mankatò ny lalàny, na dia tsy misy mahita aza.—Isaia 33:22; *vakio ny Lioka 10:27*.

8 Ahoana no ahafantaranao raha tena tianao

6. Nahoana no ara-dalàna raha mitaky amintsika i Jehovah hoe mila mianatra sy mankatò ny lalàny isika?

7. Nahoana ny vahoakan'ilay Fanjakana no mankatò ny lalàn'Andriamanitra?

8, 9. Ahoana no ahafantaranao raha tena tianao ny lalàn'Andriamanitra?

ny lalàn'Andriamanitra? Diniho ny fihetsikao rehefa omena torohevitra ianao momba ny safidinao manokana, ohatra hoe momba ny fitafiana. Tianao angamba ny akanjo misavoritaka sy manaitaitra, tamin'ianao mbola tsy nahalla ny fahamarinana. Rehefa nitombo anefa ny fitiavanao an'Andriamanitra, dia nanao fitafiana manome voninahitra azy ianao. (1 Tim. 2: 9, 10; 1 Pet. 3:3, 4) Mety hihevitra àry ianao hoe efa maotina ny fitafinao. Ahoana anefa raha manatona anao ny anti-panahy iray, ka milaza fa manafintohina mpitory maromaro ny fomba fiakanjonao? Ahoana no ho fihetsikao? Hiaro tena ve ianao, sa ho tezitra, sa ho mafy loha? Anisan'ny lalàna lehibe tsy maintsy hankatoavin'ny vahoakan'ilay Fanjakana ny hoe tahafo i Kristy. (1 Pet. 2:21) Nilaza anefa i Paoly fa 'na i Kristy aza tsy nanao izay nahafaly ny tenany.' Midika izany fa tokony 'hanao izay mahafaly ny namantsika amin'izay tsara isika, dia izay mampahery azy ireo.' (Rom. 15:2, 3) Mandefitra àry ny Kristianina matotra, ka vonona hanaja ny feor'ny fieritreretan'ny hafa mba hisian'ny fihavanana eo anivon'ny fiangonana.—Rom. 14: 19-21.

9 Diniho koa ny fiheveranao ny firaiana sy ny fanambadiana. Mihevitra ireo olona tsy vahoakan'ilay Fanjakana fa tsy ratsy ny mijery sary vetaveta, ny manitsakitsa-bady, ny misarapanambadiana, ary ny firaiana'ny samy lehilahy na samy vehivavy. Tia tena izy ireny, ary tsy mieritreritra ny vokatry ny ataony. Efa niala tamin'ny hevi-diso toy izany ny vahoakan'ilay Fanjakana. Marina fa Kristianina maro no ratsy fitondran-tena taloha. Heverin'izy ireo ho fanomezana avy amin'Andriamanitra anefa izao ny firaiana sy ny fanambadiana. Lasa sarobidy amin'izy ireo ny fitsipik'i Jehovah, ary ekeny taunteraka hoe tsy mendrika ny ho vahoakan'ilay Fanjakana ny olona ratsy fitondran-tena. (1 Kor. 6:9-11) Takatr'izy ireo koa anefa fa maimitaka ny fo, ka faly izy ireo rehefa mahazo

fampitandremana mazava, izay manampy azy ireo ho tsara fitondran-tena foana.—Jer. 17:9.

TOKONY HANARAKA FAMPITANDREMANA ISIKA

¹⁰ Mety hamoaka fampitandremana voalanjalanja koa ny fanjakan'olombelona. Manao izany, ohatra, izy ireo rehefa misy sakafo na fanafody mampidi-doza, mba hahafahany miaro ny vahoakany. Tsy miraharaha ny vahoakany izy, raha tsy manao izany. Toy izany koa ny Fanjakan'Andriamanitra. Mamoaka fampitandremana ara-potoana izy io momba ny loza arapitontran-tena sy ara-panahy. Ampiasaina be, ohatra, ny Internet ankehitriny mba hifandraina, sy hianarana, ary hialana voly. Mampia-

Mety hahasoa antsika izy io, raha ampiasaina amin'ny fomba tsara. Mety hanimba antsika koa anefa izy io. Tsy mahagaga ary raha namoaka fampitandremana voalanjalanja ny fandaminana. Efa novakinao daholo ary ve ireo lahatsoratra navoakan'ny mpanompo mendripitokisana momba ny tranonkala fifanerasera na sy ny fampiasana telefaonina? Tsy hendry isika raha mampiasa azy ireny, nefo tsy mama ky an'ireny lahatsoratra ireny!* Toy ny hoe mi hinana fanafody mahery isika amin'izany, nefo tsy nihaino na namaky ny fampitandreman'ny dokotera.

¹² Mampidi-doza ny tenany sy ny fianakavia ny ary ny namany, ireo olona tsy miraharaha ny fampitandreman'ny mpanompo mendri-pitokisana. Lasa nandevozin'ny fijerena sary vetaveta na nijangajanga ny sasany tamin'ireny olona ireny, ary nanjary nieritreritra fa tsy hitan'i Jehovah ny zavatra ataony. Adala isika raha mihevitra fa azontsika afenina an'i Jehovah ny zava-dratsy ataontsika! (Ohab. 15:3; *vakio ny Hebreo 4:13*.) Azon'ny fitondran'olombelona esorina amin'ny olona iray ny zom-pirenena nomena azy, raha nandika lalàna izy. Toy izany koa fa esorin'i Jehovah tsy ho olom-pirenen'ilay Fanjakana ireo mandika ny lalàny nefo tsy mibebaka.[#] (1 Kor. 5:11-13) Mamindra fo anefa i Jehovah, ary mampiasa ny anti-panahy izy mba hanampiana an'ireo olona nanota. (Gal. 6:1) Afaka ny ho naman'i Jehovah indray ireny olona ireny raha mibebaka sy miova, ka ho vahoakan'ilay Fanjakana foana. (2 Kor. 2:5-8) Voninahitra tokoa ny manompo Mpanjaka be fitiavana toy izany!

* Jereo, ohatra, ny *Mifohaza!* Febroary 2012, pejy 3-9; *Mifohaza!* Aogositra 2011, pejy 10-13; *Mifohaza!* Jolay 2011, pejy 24-27; *Mifohaza!* Oktobra 2008, pejy 4-9; ary ny *Mifohaza!* 8 Novambra 2002, pejy 16-18.

Jereo Ny *Tilikambo Fiambenana* 15 Martsa 2012, pejy 30-31.

^{10, 11.} Inona no fampitandremana omen'ny Fanjakan' Andriamanitra antsika, ary inona no tsapanao momba ireny fampitandremana ireny?

Manaraka an'ireo fampitandremana momba ny Internet ve ianao?

sa Internet koa ny fandaminana ary maha vita zavatra maro amin'izy io. Misy zavatra maro anefa ao amin'ny Internet mety hanimba ny fitondran-tenantsika sy ny ara-panahintsika. Anisan'izany ny sary vetaveta. Faly isika satria mampitandrina momba azy ireny ny mpanompo mendri-pitokisana, ary efa an-taonany maro izy no nanao izany.

¹¹ Lasa be mpitia koa tato ho ato ny tranonkala fifanerasera ao amin'ny Internet. Mety hahasoa antsika izy io, kanefa mety hanimba koa, ka tena ilana fitandremana. Mety hifanhatra amin'ny naman-dratsy isika ao amin'izy io. (1 Kor. 15:33) Toy izany koa ny telefaonina.

^{10, 11.} Inona no fampitandremana omen'ny Fanjakan' Andriamanitra antsika, ary inona no tsapanao momba ireny fampitandremana ireny?

TOKONY HO TIA MIANATRA ISIKA

¹³ Maro ny fanjakana miezaka mafy mampianatra ny vahoakany. Manangana sekoly izy ireo mba hampianarana mamaky teny sy manonatra, ary hampianarana asa. Tena tantsika ireny fianarana ireny, ka mazoto mianatra isika mba hahay hamaky teny, sy hanoratra, ary hamelon-tena. Mbola sarobidy lavitra amintsika anefa ny fampianarana omen'ny Fanjakan'Andriamanitra. Mampirisika antsika hamaky teny i Jehovah, amin'ny alalan'ny fiangonana. Ampirisihina hamaky teny amin'ny zanany mbola kely, ohatra, ny ray aman-dreny. Ampirisihina koa isika hamaky *Ny Tilikambo Fiambenana* sy *Mifohaza!* izay avoakan'ny mpanompo mendri-pitokisana isam-bolana. Ho voavakintsika ao anatin'ny iray volana izy ireny, raha mamaky pejy vitsivitsy isan'andro isika. Haharaka ny fampianarana omen'ilay Fanjakanana isika amin'izay.

¹⁴ Mahazo fampiofanana isan-kerinandro ny vahoakan'ny Fanjakan'Andriamanitra any amin'ireo favoriana kristianina. Efa nandritra ny 60 taona mahery, ohatra, ny Sekolin'ny Fandompoana no nanampy ny mpitory mba hahay hampianatra ny Tenin'Andriamanitra. Mandray anjara amin'izy io ve ianao? Nampirisika antsika koa ny mpanompo mendri-pitokisana tato ho ato, mba hanao Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana isan-kerinandro. Tena mampiray saina ny mpianakavy izy io! Efa nampiharinao ve ireo soso-kevitra momba azy io, navoaka tao amin'ny boky aman-gazetintsika?*

¹⁵ Mamory vahoaka eny an-kalamanjana ny

* Jereo *Ny Tilikambo Fiambenana* 15 Aogositra 2011, pejy 6-7, sy *Ny Fandompoantsika Ilay Fanjakanana* Janoary 2011, pejy 3-6.

13. Ahoana no ampisehoan'ny vahoakan'ny Fanjakan'Andriamanitra fa sarobidy aminy ny fianarana?

14. a) Inona no fampiofanana azontsika? b) Inona no soso-kevitra momba ny Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana efa nampiharinao ka nahafinaritra anao?

15. Inona no tombontsoa lehibe ananantsika?



Ho tena vahoakan'ilay Fanjakanana ianao sy ny fianakaviana raha manao
Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana

antoko politika sasany, mba hitadiavana olona hanohana azy. Mety handeha isan-trano mihtsy aza izy ireo. Toy izany koa no ataontsika. Mazoto manohana ny Fanjakan'Andriamanitra isika, ka mitory eny an-dalana sy isan-trano. Hitantsika tamin'ny lahatsoratra teo aloha aza, fa *Ny Tilikambo Fiambenana* no gazety miely indriandra eran-tany, ary manambara ny Fanjakan' Andriamanitra izy io. Anisan'ny tombontsoa lehibe indrindra ananantsika ny mitory momba an'io Fanjakanana io. Mazoto mitory àry ve ianao?
—Mat. 28:19, 20.

16 Tsy ho ela dia ny Fanjakan'Andriamanitra irery no hitondra ny tany. Hikarakara ny lafiny rehetra eo amin'ny fainantsika io Fanjakanana io amin'izay, na eo amin'ny lafiny ara-panahy na amin'ny lafiny hafa. Ho olom-pirenena mendrika ve ianao amin'izay fotoana izay? Afaka manaporofa izany ianao dieny izao. Ataovy ho vominahitr'i Jehovah foana izay fanapahan-kevitra raisinao, dia ho voaporofa fa tena olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra ianao.—1 Kor. 10:31.

16. Ahoana no anaporofaanao fa olom-pirenен'ny Fanjakan'Andriamanitra ianao?

Miray Saina Isika ary Manana Tetikasa Mahatalanjona

MAHAFINARITRA be foana ny fivoriana fanao isantaona, alamin'ny Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania. Anisan'izany ilay fivoriana faha-127, natao ny asabotsy 1 Oktobra 2011. Olona avy any amin'ny tany samihafa no nasaina hanatrika azy io, tao amin'ny Efitrano Fivoriamben'ny Vavolombelon'i Jehovah any New Jersey, Etazonia.

I Gerrit Lösch, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana, no nanomboka ny fandaharana. Niarahaba an'ireo mpanatrika avy any amin'ny tany 85 teo ho eo izy, ary nilaza fa tena miavaka ny firaisan-tsaina nisy tam'in'izay. Fitoriana vita ho azy izany, hoy izy, ary manome voninahitra an'i Jehovah. Noresahina imbetsaka io firaisan-tsaina io nandritra ilay fivoriana.

TATITRA MAMPAHERY AVY ANY MEKSIIKA

Nanasongadina ny firaisan-tsain'ny vahoakan'i Jehovah ny fizarana voalohany tamin'ny fandaharana. Nanadinadina rahalahy telo avy any amin'ny Betelan'i Meksika i Baltasar Perla, izay Betelita any koa. Noresahin'izy ireo ny fiovana nisy rehefa natambatra tam'in'ny sampan'i Meksika ny sampana enina tany

Natambatra amin'ny sampan'i Meksika ny sampana enina any Amerika Afovoany, ka ny sampan'i Meksika izao no miandraikitra an'ireo tany ireo



Amerika Afovoany. Nifindra ao amin'ny Betelan'i Meksika ny Betelita tany amin'ireny sampana ireny, ka lasa misy kolontsaina maro ao amin'ny Betelan'izy ireo. Mifandray tsara ny rehetra ary mifampahery. Toy ny hoe naka gaoma ngezabe Andriamanitra, ka namafa ny sisin-tany mampisaraka azy ireo.

Nanampy an'ireo mpitoky any Amerika Afovoany anefa i Meksika mba tsy hahatonga azy ireo hieritreritra hoe tafasaraka amin'ny fandaminana. Nataon'izy ireo izay hahafahan'ireo fiangonana any hifandray amin'ny sampan'i Meksika amin'ny alalan'ny Internet. Na ireo any amin'ny toerana mitokana aza, dia afaka mifandray mivantana amin'ny sampana.

VAOVAO AVY ANY JAPON

Nanao tatitra momba ilay horohorontany sy tsunami tany Japon tamin'ny Martsa 2011 i James Linton, avy ao amin'ny sampan'i Japon. Nilaza izy fa maro ny Vavolbelona namoy havana sy fananana. Nanampy azy ireo anefa ireo rahalahy tany amin'ny faritra tsy tratran'ny loza. Nahita trano 3 100 mahery izy ireo mba hipetrahan'ireo mpiara-manompo tra-boina, ary nampindrana azy ireo fiara an-jatony. Niasa tsy an-kiato, nanamboatra ny tranon'ireo rahalahy ny mpiasa an-tsitraro nalefan'ny Komitimparitra Momba ny Fanorenana. Nisy mpiasa an-tsitraro 1700 mahery koa ankoatra an'ireo, ary nisy 575 hafa nanamboatra Efitrano Fanjakana simba, ka anisan'izany ny ekipa iray avy any Etazonia.

Nisy zavatra maro koa natao hampaherezana an'ireo rahalahy sy hanatanjahana ny finoany. Nisy anti-panahy 400 mahery nitsidika azy ireo. Nisy rahalahy roa mpiandraikitra mpitety sampana koa tonga avy any amin'ny foibe, ka hita hoe tena miyah ny vahoakan'i Jehovah ny Filan-kevi-pitantanana. Nampahery azy ireo koa ny nahalala hoe nahatsiaro azy ireo ny mpiray finoana manieran-tany.

FANDRESENA TENY AMIN'NY FITSARANA

Nanongilan-tsotina ny mpanatrika, rehefa nanao tatitra momba ny fandresena azontsika i Stephen

Hardy, avy any amin'ny sampan'i Grande-Bretagne. Anisan'izany ny tany Frantsa. Nitaky hetsa 82 tapitrisa dolara (na 164 000 tapitrisa ariary mahery) tamin'ny fikambanantsika any Frantsa ny fanjakana frantsay. Nanome rariny antsika anefa ny Fitsarana Europeanina Momba ny Zon'olombelona. Nilaza izy io fa tsy nohajain'ny fanjakana frantsay ny Andininy faha-9 amin'ny Fifanarahana Europeanina Momba ny Zon'olombelona, izay milaza fa manana zo hanaraka izay fivavahana tiany ny olona. Milaza ilay didim-pitsarana fa tsy resa-bola no olona, fa "izay fanjakana milaza hoe tsy ara-dalana ny fivavahana iray ka miezaka manaoana an'ilay fivavahana, ary manao teny manambany azy io, dia mandika ny Andininy Faha-9 amin'ny Fifanarahana Europeanina."

Nanome rariny antsika koa ny Fitsarana Europeanina, tamin'ny raharaha iray mahakasika an'i Armenia. Nilaza io fitsarana io, nanomboka tamin'ny 1965, fa tsy harovan'ny Fifanarahana Europeanina izay olona tsy mety manao miaramila. Niova anefa izany izao. Nanapa-kevitra ny Filan-kevitra Ambony Indrindra ao amin'io fitsarana io, fa avelari'ny Fifanarahana Europeanina tsy hanao miaramila ny olona iray, raha mifanohitra tanteraka amin'ny zavatra inoany izany. Voatery manaiky izany izao i Armenia sy ny firenena hafa toa an'i Azerbaïdjan sy Torkia.

TETIKASA FANORENANA

I Guy Pierce, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana, no niteny taorian'izay. Nilaza izy fa tena mahaliana ny mpanatrika ny vaovao momba ireo trano kasaina haorina any New York. Nisy video nasehony ahitana ny fizotran'ny asa any Wallkill sy Patterson. Kasaina hovitaina amin'ny 2014 ilay trano fonenana vaovao ao Wallkill, izay misy efitra 300 mahery. Nasehony koa ny asa kasaina hatao any amin'ireo tany vao novidintsika any Warwick sy Tuxedo, any New York.

Manana tany 100 hektara isika any Warwick, ary hanorenana trano koa izy io. Hoy i Guy Pierce: "Mbola tsy azontsika antoka aloha izao hoe inona marina no sitrapon'i Jehovah momba an'i Warwick. Efa manomana ny zavatra ilaina anefa isika, ka manantena fa hafindra any ny foiben'ny Vavolombelon'i Jehovah amin'ny hoavy." Manana tany 20 hektara koa isika, any amin'ny 10 kilaometatra avaratr'i Warwick, mba hametrahana an'ireo milina sy fitaovana rehetra, mandritra ny fanorenana. Hoy koa i Guy Pierce: "Antenaina ho vita ao anatin'ny efa-taona ny



Sarin'ny trano kasaina haorina any Warwick, any New York, mba hatao foiben'ny Vavolombelon'i Jehovah

fanorenana, raha vao azo ny fahazoan-dalana. Hamidy ireo trano rehetra any Brooklyn aorian'izay."

Nanontany izy avy eo hoe: "Niova hevitra ve izany ny Filan-kevi-pitantanana ka mieritreritra fa mbola ho ela ny fahoriana lehibe? Tsy izany mihitsy! Tsy maninona na tonga aza ny fahoriana lehibe, ka mianto ny asantsika. Vao mainka izany tena tsara!"

MITANDREMA AMIN'ILAY LIONA MIERONA

Nanazava ny 1 Petera 5:8 avy eo i Stephen Lett, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana. Hoy io andininy io: "Aoka ianareo hisaina tsara sy hiambina, satria ny Devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona, mitady olona harapaka." Nilaza i Stephen Lett fa nety tsara ny nampitanhan'i Petera ny Devoly amin'ny liona, satria misy itovizany ny toe-trany.

Matanjaka sy mahery mandeha kokoa noho ny olona ny liona. Toy izany koa i Satana. Tsy tokony hiezaka handresy azy amin'ny herintsika samirery ary isika, fa mila ny fanampian'i Jehovah. (Isa. 40:31) Mijoko mangina toy ny ataon'ny liona koa i Satana, ka mila manalavitra ny haizina ara-panahy isika, mba tsy ho lasa rembiny. Tsy mba miantra koa ny liona fa mamono biby malemy toy ny antilopa, na zebra kely matory. Toy izany koa i Satana satria tsy misy indrafo izy ary te hamono antsika eo amin'ny lafiny ara-panahy. Matetika no tsy fantatra intsony ny biby iray rehefa avy noviravirain'ny liona. Toy izany koa ny Kristianina rehefa azon'i Satana. Lasa

'ratsy noho ny voalohany ny iafarany.' (2 Pet. 2:20)
Mila manohitra an'i Satana ary isika, ary manaraka
tsara ny toro lalan'ny Baiboly.—1 Pet. 5:9.

ANKASITRAHO NY TOERANAO AO AN-TRANON'I JEHOVAH

I Samuel Herd, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana, indray no niteny. Hoy izy: "Samy manana toerana ao an-tranon'i Jehovah ny Kristianina rehetra." Ny tempoly ara-panahy io trano io, izany hoe ny fandaharana ataon'i Jehovah ho an'izay mino ny soron'i Jesosy, mba hahafahan'izy ireo manompo Azy. Tomboktsoa be ny hoe manana toerana ao an-tranon' Andriamanitra. Te 'honina ao mandritra ny androm-piaintersika' isika, toa an'i Davida.—Sal. 27:4.

Nanazava ny Salamo 92:12-14 i Samuel Herd, ka nanontany hoe: "Ahoana no anampian'i Jehovah antsika mba handroso ara-panahy?" Namaly izy hoe: 'Mampahery antsika i Jehovah, miaro antsika, ary manome antsika ny ranon'ny fahamarinana, izay tena mamelembelona. Tokony hisaorantsika izy, noho izany. Tokony ho faly isika hoe ao an-tranon'i Jehovah foana, tsy vetivety fotsiny fa ho mandrakizay.'

MANAJA NY TENIN'ANDRIAMANITRA NY KRISTIANINA

Nohazavain'i David Splane, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana, taorian'izay, fa nanaja ny Tenin'Andriamanitra foana ny tena Kristianina hatramin'izay. Nampiasaina handaminana ny adihevitra momba ny famorana izy io, tamin'ny taonjato voalohany. (Asa. 15:16, 17) Nisy olona nilaza ho Kristianina anefa, tamin'ny taonjato faharoa, nihevitra fa zava-dehibe noho ny Soratra Masina ny filozofia grika. Tsy nampianatra ny Baiboly intsony ny sasany tatì aoria na, fa naleony nampianatra ny hevity ny mpanjaka romanina sy ny Rain'ny Eglisy. Nisy fampianaran-diso maro vokat'i zany.

Hoy i David Splane avy eo: 'Hita amin'ny fanoharan'i Jesosy momba ny vary sy tsimparifary, fa nisy foana ny tena Kristianina voahosotra niaro ny fahamarinana, nanomboka tamin'ny taonjato voalohany.' (Mat. 13:24-30) Marina fa tsy afaka manizingizina isika hoe iza izy ireo. Maro anefa ny olona nampibaribary an'ireo fampianarana sy fanao tsy araka ny Soratra Masina. Anisan'zany ny Arseveka Agobard avy any Lyon (taona 800 tany ho any),



LASA FANTATRA KOKOA IZY IREO

Nadinadinina koa ny dimy tamin'ireo anabavy sivy, izay vadin'ireo rahalahy efa maty, anisan'ny Filan-kevi-pitantanana taloha. Tsy iza ireo anabavy ireo fa i Marina Sydlik, Edith Suiter, Melita Jaracz, Melba Barry, ary Sydney Barber. Notantarain'izy ireo hoe ahoana no nahitany ny fahamarinana, ary ahoana no nahatonga azy hanompo manontolo andro. Samy nitantara izay zavatra manokana tsaroany momba ny lasa koa izy ireo, ary niresaka momba ny vadiny sy ny fitahiana nomen' i Jehovah azy mivady. Tena nampihetsipo ny famaranana an'ilay izy satria natao ilay hira faha-86 hoe "Vehivavy Manam-pinoana sy Tsy Mivadika."

i Pierre avy any Bruys sy Henri avy any Lausanne ary Valdès (taona 1100 tany ho any), John Wycliffe (taona 1300 tany ho any), William Tyndale (taona 1500 tany ho any), ary Henry Grew sy George Storrs (taona 1800 tany ho any). Mbola manaraka ny fitsipika ao amin'ny Soratra Masina ny Vavolombelon'i Jehovah ankehitriny, ary manaiky hoe ao amin'izy io no ahitana ny marina. Izany no nahatonga ny Filankevi-pitantanana hifidy ny Jaona 17:17 ho andininteny ho an'ny taona 2012, dia ilay hoe: "Ny teninao no fahamarinana."

FIOVANA MAHAFINARITRA EO AMIN'NY SEKOLY

Nao fampandrenesana i Anthony Morris, anisan'ny Filankevi-pitantanana, hoe hisy fiovana mahakasika ny misionera sy ny mpisava lalana manokana. Hisy Sekoly Ara-baiboly ho An'ny Mpivady Kristianina koa any an-tany hafa, manomboka ny Septambra 2012. Niova koa ny tanjon'ny Sekolin'i Gileada, nanomboka tamin'ny Oktobra 2011. Mpanompo manontolo andro manokana no asaina hanao an'io sekoly io. Anisan'izany ny misionera mbola tsy nanao an'ilay sekoly, ny mpisava lalana manokana, ny mpiandraikitra mpitety faritany,

na ny Betelita. Hotendrena hiasa ao amin'ny Betela, na ho mpiandraikitra mpitety faritany izy ireo aorian'ilay sekoly, na halefa any amin'ny faritra be mponina mba hitory miaraka amin'ny fiangonana. Ho afaka hampahery sy hanampy ary hampion-fana an'ireo rahalahy sy anabavy izy ireo amin'izany.

Nampandrenesina koa fa hotendrena ho mpisava lalana manokana tsy maharitra ny sasany amin'ireo mahazo diploma amin'ny Sekoly Ara-baiboly ho An'ny Rahalahy Mpitovo sy ny Sekoly Ara-baiboly ho An'ny Mpivady Kristianina, ary manomboka ny 1 Janoary 2012 izany. Hirahina hitory any amin'ny faritany vitsy mpitery na tsy misy mpitery mihitsy izy ireo. Ho mpisava lalana manokana tsy maharitra mandritra ny herintaona aloha izy ireo, ary hohavaozina isan-taona izany. Hotendrena ho mpisava lalana manokana maharitra izy ireo, aorian'ny telo taona, raha mahita vokatra tsara.

Tena nahafaly tokoa iny fivoriana iny! Enga anie ka hotahin'i Jehovah ireo fandaharana vaovao rehetra, izay natao hampandrosoana ny asa fitoriana sy hampiray saina kokoa ny vahoakany. Hanome voninahitra an'i Jehovah izany, sady hidera azy.



(Ambony) Daniel Sydlik
sy Marina vadiny;
Grant Suiter sy Edith vadiny;
Theodore Jaracz sy Melita vadiny

(Ambony) Lloyd Barry
sy Melba vadiny;
Carey Barber sy Sydney vadiny





*Miezaha ho "afaka
amin'ny fandriky
ny Devoly."*

—2 TIM. 2:26.

AHOANA NO HAMALIANAO AN'IRETO?

Inona ny fandinihan-tena tokony
hataonao, raha tia manakiana
ny hafa ianao?

Inona no ianaranao avy amin'
ny tantaran'i Pilato sy Petera, ka
manampy anao tsy ho resin'ny
tahotra olona?

Inona no afaka manampy
anao, mba tsy hanamelo-tena
tafahoatra?

MITANDREMA AMIN'NY FANDRIKY NY DEVOLY!

MIHAZA antsika mpanompon'i Jehovah ny Devoly. Tsy ny hamono antsika anefa no tanjony fa ny hanao sambo-belona antsika, mba hahafahany hampiasa antsika amin'izay itiavany azy.—*Vakio ny 2 Timo-ty 2:24-26.*

² Mety hampiasa fandrika ny mpihaza mba hahazoana biby velona. Mety hataony, ohatra, izay hampivoaka an'ilay biby avy ao amin'ny fiafenany, ary samboriny amin'ny tady ilay biby rehefa mivoaka. Mety hampiasa fandrika miafina koa izy, ka raha vao misy zavatra voadona amin'ilay fandrika, dia voasambotra ilay biby tsy manam-po na inona na inona. Toy izany no ataon'ny Devoly mba hanaovana sambo-belona ny mpanompon'i Jehovah. Tokony ho mailo àry isika, ka handinika tsara hoe aiza i Satana no mametraka fandrika. Hodinihintsika ato hoe ahoana no hanalavirana an'ireo fandrika telo fampiasan'ny Devoly, izay efa nahavoa ny Kristianina sasany: 1) Ny teny tsy voafehy, 2) ny tahotra olona, ary 3) ny fanamelohan-tena tafahoatra. Handinika fandrika roa hafa isika ao amin'ny lahatsoratra manaraka.

AZA MANAO TENY TSY VOAFEHY

³ Mety hodoran'ny mpihaza ny faritra iafenan'ny biby, ka raha vao mitsoaka ilay biby dia samboriny. Toy izany koa no tian'i Satana hatao. Tiany hasiana afo eo anivon'ny fiangonana, ka raha vao miala ao isika dia samboriny mora foana. Mety ho isika mihitsy anefa no hanampy tsy nahy an'i Satana, ka efa tafiditra ao anaty fandriny ihany isika amin'izay. Amin'ny fomba ahoana?

⁴ Nilaza i Jakoba mpianatra fa toy ny afo ny lela. (*Vakio ny Jakoba 3:6-8.*) Toy ny hoe mandrehitra afo eo anivon'ny

1, 2. Inona avy ny fandriky ny Devoly hodinihina ato amin'ity lahtsoratra ity?

3, 4. Inona no mety ho vokany raha tsy mifehy ny lelantsika isika? Manezma ohatra.

fiangonana isika, raha tsy mifehy ny lelantsika. Diniho izao ohatra izao: Nampandrenesina tany am-pivoriana hoe voatendry ho mpisava lalana maharitra ny anabavy iray. Niresadresaka momba izany ny anabavy roa, taorian'ny fivoriana. Faly be ny iray ary nilaza fa manantena izy hoe handeha tsara ny fanompoan'ilay anabavy. Ny iray kosa nilaza hoe te hoderaina fotsiny ilay anabavy, matoa mirotsaka ho mpisava lalana. Iza amin'izy roa no tianao ho namana? Tsy sartra ny mahita hoe iza amin'izy roa vavy no mety hampisy afo eo anivon'ny fiangonana.

⁵ Inona no azontsika atao mba tsy hahatonga antsika hanao teny tsy voafehy? Hoy i Jesosy: "Izay mameno ny fon'ny olona no lazain'ny vavany." (Mat. 12:34) Ny zavatra voalohany mila

5. Inona ny fandinihan-tena tokony hataantsika, mba tsy hahatonga antsika hanao teny tsy voafehy?

Toy ny hoe mampisy afo eo anivon'ny fiangonana isika,
raha manao teny tsy voafehy



atao àry, dia ny mandinika ny fo. Miezaka ve isika mba tsy hanana an'ireo fihetseham-po mety hahatonga antsika hilaza teny mandratra? Azontsika dinihina, ohatra, hoe manao ahoa-na ny fihetsitsika rehefa rentsika hoe misy rahalahy miezaka hahazo tombontsoam-pan-mpoana. Matoky ve isika hoe tsara ny antony anaovany izany? Sa miahiahy azy isika, ka mie-rritreritra hoe fitiavan-tena no anaovany an'ilay izy? Mila mitadidy ny nataon'ny Devoly isika, raha mora manakiana toy izany. Nilaza ny Devoly hoe antony ratsy no nahatonga an'i Joba hanompo an'i Jehovah. (Joba 1:9-11) Tsy tokony hiahiahy an'ilay rahalahintsika àry isika. Mila mandinika kosa isika hoe nahoana isika no manakiana azy. Manana antony tsara hanakianana azy ve isika, sa kosa ny fontsika no efa voapoin-zin'ny toe-tsaina tsy manam-pitiavana, miely amin'izao andro farany izao?—2 Tim. 3:1-4.

⁶ Misy antony hafa koa mety hahatonga antsika hanakiana. Mety hoe tiantsika hisongadina kokoa ny zava-bitantsika. Kianintsika ny hafa mba hahatonga ny olona hieritreritra fa isika no tsara kokoa, ary ny hafa ratsy kokoa. Mety hanakiana ny hafa koa isika, satria te hanala tsiny ny tenantsika, noho isika tsy nanao ny zavatra tokony ho nataantsika. Ratsy foana anefa ny vokany, na ny fialonana no mahatonga antsika hanakiana ny hafa, na noho isika mihevi-tena ho ambony, na noho isika tsy matoky tena.

⁷ Mety hisy toe-javatra sasany anefa ieritrerentsika hoe rariny isika raha manakiana. Mety hoe nanao teny maharary antsika ny olona iray ka mampalahelo antsika izany na mampahate-zitra antsika. Tsy tokony hamaly faty anefa isika, na izany aza. Vao mainka manampy tro-traka an'ilay olana izany. Lasa manao ny sitrapon'ny Devoly koa isika amin'izany, fa tsy manao ny sitrapon'i Jehovah. (2 Tim. 2:26) Mila

6, 7. a) Inona no mety hahatonga antsika hanakiana ny hafa? b) Inona no tokony hataantsika raha nisy olona navevateva antsika?

manahaka an'i Jesosy isika. "Tsy mba nanevateva izy" rehefa nisy nanevateva. 'Nanankina foana ny fiaianany tamin'ilay mitsara araka ny hitsiny' izy. (1 Pet. 2:21-23) Natoky izy hoe hanao zavatra i Jehovah, amin'ny fotoana voatondrony sy araka ny fomba hitany fa mety. Tokony hatoky an'Andriamanitra toy izany koa isika. Manao izay hisian'ny "fihavanana" sy ny firaisan-tsaina eo anivon'ny fiangonana isika, raha manao teny manasitrana.—*Vakio ny Efesianina* 4:1-3.

AZA MATAHOTRA OLONA

8 Tsy dia afaka mihetsika sy mandehandeha intsony ny biby iray rehefa voafandrika. Toy izany koa fa lasa tsy tena afaka mibaiko ny fiaianany ny olona iray, rehefa resin'ny tahotra olona na milefitra amin'ny faneren'ny namany. (*Vakio ny Ohabolana* 29:25.) Hodinihintsika izao ny tantaran'ny lehilahy roa, izay resin'ny tahotra olona. Hojerentsika hoe inona no azontsika ianarana avy amin'izay nitranga tamin' izy ireo.

9 I Pontio Pilato, governora romanina, ny iray. Fantany hoe tsy nanan-tsiny i Jesosy, ka tsy te hanisy ratsy azy izy. Nilaza mihitsy aza izy hoe "tsy nanao zavatra tokony hamonoana azy ho faty" i Jesosy. Nanameloka an'i Jesosy ho faty ihany anefa izy. Nahoana? Satria nilefitra izy rehefa noteren'ny vahoaka. (Lioka 23:15, 21-25) Natahotra angamba izy rehefa niantsoantso ny vahoaka hoe: 'Tsy naman'i Kaisara ianao raha manafaka an'io.' (Jaona 19:12) Mety ho nieritreitra i Pilato hoe hesorina tsy ho governora izy, na hovonoina ho faty mihitsy, raha manohana an'i Kristy. Nanjary nanao ny sitrapon'ny Devoly izy, vokatr'izany.

10 Ny apostoly Petera ilay faharoa. Anisan'ny naman'i Jesosy akaiky izy. Nilaza ampahibemaso izy hoe i Jesosy no Mesia. (Mat. 16:16) Tsy nivadika koa izy, rehefa nandao an'i Jesosy ireo

8, 9. Nahoana i Pilato no nanameloka an'i Jesosy?

10. Inona no natahotra an'i Petera handa an'i Kristy?

mpianatra hafa, noho izy ireo tsy nahazo ny tian'i Jesosy holazaina. (Jaona 6:66-69) Nampiasa sabatra hiarovana an'i Jesosy koa izy, rehefa tonga hisambotra azy ny fahavalony. (Jaona 18: 10, 11) Resin'ny tahotra anefa i Petera tat'y aoriania, ka nilaza mihitsy hoe tsy mahalala an'i Jesosy Kristy. Fotoana fohy ihany izy no natahotra olona, nefo tsy nanana herim-po hanaovana ny tsara izy, rehefa tratran'izy io.—Mat. 26: 74, 75.

11 Mila miady mafy ny Kristianina rehetra, mba tsy ho voataona hanao zavatra tsy mampifaly an'i Jehovah. Mety hanery antsika tsy hanao ny marina ny mpampiasa antsika na ny olon-kafa, na koa hitaona antsika haloto fitondran-tena. Mety hampirisika antsika hangalahaka amin'ny fanadinana ny mpiara-mianatra amintsika, na hitaona antsika hijery sary veta-veta, na hifoka sigara na rongony, na hiboboka toaka, na haloto fitondran-tena. Toy ny fandrika ny tahotra olona, ary mety hahatonga antsika hanao zavatra tsy mampifaly an'i Jehovah. Inona ary no hanampy antsika hiala amin'io fandrika io?

12 Hodinihintsika izao hoe inona no ianarantsika avy amin'izay nitranga tamin'i Pilato sy Petera. Tsy dia nahalala firy an'i Kristy i Pilato. Fantany anefa hoe tsy nanan-tsiny izy, ary olona niavaka fa tsy toy ny olon-drehetra. Tsy nanetry tena anefa i Pilato ary tsy tia an'ilay tena Andriamanitra, ka azon'ny Devoly mora foana. I Petera indray nanana fahalalana marina tsara ary tena tia an'Andriamanitra. Tsy nanetry tena sy resin'ny tahotra olona koa anefa izy indraindray. Nirehareha izy talohan'ny nisamborana an'i Jesosy hoe 'na hahafoy an'i Jesosy aza ny olona rehetra, izy tsy mba hahafoy azy.' (Mar. 14:29) Vonona hiatrika fitsapana kokoa anefa izy, raha natoky an'i Jehovah toa ilay mpanao

11. Inona ny zavatra itarihan'ny olona antsika ka mila toherintsika?

12. Inona no ianarantsika avy amin'ny tantaran'i Pilato sy Petera?

AZA MANAMELO-TENA TAFAHOTRA

¹⁴ Maka vatan-kazo na vato be ny mpihaza indraindray, ary ahantony amin'ny tady eo ambonin'ny lalana falehan'ny biby ilay izy. Raha vao voadonan'ilay biby ilay tady, dia mianjera ilay vatan-kazo na vato be, ka voatsindry ao izy, ary mety ho torotoro mihitsy. Toy ny hoe voatsindrin'ny vatan-kazo na vato be koa isika raha manamelo-tena tafahoatra. Mety ho torotoro fo isika, ka ho "kivy tanteraka" raha mieritreritra foana ny fahadisoana nataontsika. (*Vakio ny Salamo 38:3-5, 8.*) Tian'i Satana hieritreritra isika hoe be loatra ny fahotana nataontsika ka tsy hamindra fo amintsika i Jehovah. Tiany hieritreritra koa isika hoe tsy ho vitantsika mihitsy ny hanaraka ny fitsipik'i Jehovah.

¹⁵ Inona no hanampy anao tsy hanamelo-tena tafahoatra? Raha nanao fahotana lehibe ianao, dia miezaha hamitram-pihavanana amin'i Jehovah. Mangataha fanampiana amin'ny anti-panahy. (Jak. 5:14-16) Ahitsio izay fahadisoana nataona. (Mat. 3:8) Aza kivy raha mahazo famaizana ianao. Porofon'ny fitiavan'i Jehovah anao izany. (Heb. 12:6) Aoka ianao ho tapa-kevitra tsy hamerina an'ilay fahotana intsony, ary mitandrema amin'izay rehetra nahatonga anao hanao an'ilay fahotana. Rehefaavy nibebaka ianao ary niova, dia matokia fa mamela ny helokao i Jehovah noho ny soron'i Jesosy Kristy. —1 Jaona 4:9, 14.

¹⁶ Mbola mahatsiaro ho meloka anefa ny oloana sasany na dia efa nahazo famelan-keloka aza. Raha izany no tsapanao, dia tadiidio fa namela ny helok'i Petera sy ireo apostoly hafa i Jehovah, nefy izy ireo nandao ny Zanany malala tamin'ny fotoana tena nilany fanampiana. Tadiidio koa ilay lehilahy noroahina tao amin'ny fiangonan'i Korinto satria nanana fitondran-tena maharikoriko. Namela ny fahotany i Jehovah rehefa nibebaka izy. (1 Kor. 5:1-5; 2 Kor. 2:6-8)

14. Inona no tian'ny Devoly hoeritreretintsika?


15, 16. Inona no hanampy anao tsy hanamelo-tena tafahoatra?

salamo izay nilaza hoe: "I Jehovah no momba ahy, ka tsy hatahotra aho. Inona moa no azon'ny olombelona atao amiko?" (Sal. 118:6) Tsy izany anefa no nataon'i Petera, rehefa jerena izay nitranga ny alina talohan'ny nahafatesan'i Jesosy. Tsy mba niambina izy sy ny apostoly hafa, rehefa nentin'i Jesosy tao amin'ny zaridainan'i Getsemane, fa resin-tory. Namoha azy ireo i Jesosy sady niteny hoe: "Miambena sy mivavaha foana mba tsy ho resin'ny fakam-panahy." (Mar. 14:38) Mbola natory ihany anefa i Petera, ary resin'ny tahotra olona izy taorian'izay.

¹³ Misy zava-dehibe hafa koa ianarantsika avy amin'i Pilato sy Petera: Raha tiantsika ny hahatohitra ny faneren'ny hafa, dia tokony hanana fahalalana marina tsara isika, hanetry tena, ho tia sy hatahotra an'Andriamanitra fatsy hatahotra olona. Raha mahalala ny marina isika dia hanjary hanam-pinoana. Hanampy antsika ho be herim-po izany rehefa miresaka ny zavatra inoantsika. Hanampy antsika koa izany mba handresy ny tahotra olona sy ny faneren'ny hafa. Tsy tokony hatoky tena be loatra anefa isika. Mila manetry tena isika, ka miaiky fa mila hery avy amin'Andriamanitra isika, mba hanoherana ny faneren'ny hafa. Mila mivavaka aminy isika ary mangataka ny fanahy masina. Raha tena tia an'Andriamanitra koa isika, dia ho vonona hankatô ny fitsipiny, ary tsy hanala baraka ny anarany. Ilaina koa anefa ny miomana mialoha mba hahafahana hiatrika fitsapana. Raha ampiantsika, ohatra, ny zanatsika mba hiomana mialoha sy hivavaka, dia ho hain'izy ireo hoe ahoana no hatao rehefa misy ankizy mitaona azy hanao ratsy.—2 Kor. 13:7.*

* Tsara raha dinihin'ny ray aman-dreny miaraka amin'ny zanany ilay hoe: "Inona no Hatao Raha Taomin'ny Ankizy Haditra?", ao amin'ny boky *Manontany ny Tanora-Torohevitra Mahasoa*, Boky Faha-2, pejy 132-133. Azo dinihina mandritra ny Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana izy io.

13. Inona no hanampy antsika hahatohitra ny fanerena hanao ratsy?



Hanavesatra anao ny fieritreretana tafahoatra hoe meloka ianao. Ho vitanao anefa ny hanaisotra izany!

Misy olon-kafa koa resahin'ny Baiboly hoe nanao fahotana lehibe, nefá nahazo famelana re-hefa nibebaka.—2 Tan. 33:2, 10-13; 1 Kor. 6:9-11.

17 Hamela sy hanadino ny fahotanao i Jehovah, raha tena mibebaka ianao ary manaiky ny famindram-pony. Aza mieritreritra mihitsy hoe tsy afaka manarona ny fahotanao ny soron'i Jésosy. Ho voafandrik'i Satana ianao raha mieritreritra an'izany. Na inona na inona hevitra tian'i Satana hoeritreretinao, dia matokia fa afaka manarona ny fahotan'izay rehetra mibebaka ny vidim-panavotana. (Ohab. 24:16) Manavesatra anao ny fieritreretana tafahoatra hoe meloka ianao. Ho afaka anefa izany, raha tena mino ny vidim-panavotana ianao. Hahazo hery koa ianao mba hanompoana an'i Jehovah amin'ny fonao

17. Inona no soa raisintsika avy amin'ny vidim-panavotana?

sy ny sainao ary ny tenanao manontolo.—Mat. 22:37.

FANTATSIKA NY TETI-DRATSIN'I SATANA

18 Tsy mampaninona an'i Satana izay fandrika hahazoany antsika, fa rehefa azony isika dia faly izy. Fantatsika anefa ny teti-dratsiny, ka tsy voatery ho voafitany isika. (2 Kor. 2:10, 11) Tsy ho voafandrik'i Satana isika, raha mivavaka mba hahazo fahendrena hiatrehana fitsapana. Hoy i Jakoba: "Raha misy aminareo tsy ampy fahendrena, aoka izy tsy hitsahatra hangataka izany amin'Andriamanitra, fa malala-tanana amin'ny rehetra izy sady tsy manome tsiny. Dia homena azy izany." (Jak. 1:5) Mila manao zavatra mifanaraka amin'ny vavaka ataontsika koa isika, ka mianatra samirery tsy tapaka ary mampihatra izay ianarantsika. Mana na an'ireo boky ara-baiboly isika, avy amin'ny mpanompo mendri-pitokisana sy malina. Toy ny jiro mampiharihary ny fandriky ny Devoly izy ireny, ka manampy antsika tsy ho voafandrika.

19 Manampy antsika ho tia ny tsara ny vava-ka sy ny fianarana Baiboly. Tena ilaina koa anefa ny hoe mankahala ny ratsy. (Sal. 97:10) Manampy antsika tsy banana fanirian-dratsy ny fieritreretana mialoha ny voka-dratsin'ilay fani-riana. (Jak. 1:14, 15) Rehefa mianatra mankahala ny ratsy isika ary miezaka ho tia ny tsara, dia tsyahasarakia antsika mihitsy ireo zavatra ataon'i Satana hamandrihana antsika.

20 Mankasitraka an'i Jehovah isika, satria manampy antsika izy mba tsy ho voafitak'i Satana. Manafaka antsika "amin'ilay ratsy" izy, amin'ny alalan'ny fanahiny sy ny Teniny ary ny fandaminany. (Mat. 6:13) Hodinihintsika manaraka hoe ahoana no hanalavirana ny fandrika roa hafa fampiasan'ny Devoly, izay efa nahavoa ny Kristianina sasany.

18. Inona no azontsika atao mba tsy ho voafandriky ny Devoly?

19, 20. Nahoana isika no tokony hankahala ny ratsy?



*'Tohero ny
teti-dratsin'ny
Devoly.'* –EFES. 6:11.

AHOANA NO HAMALIANAO AN'IRETO?

Inona no azon'ny mpanompon'i Jehovah atao mba tsy ho lasa tia harena?

Inona no azon'ny Kristianina atao mba tsy hahatonga azy hanitsakitsa-bady?

Araka ny hevitrao, inona ny soa azo rehefa miezaka mafy mba tsy ho lasa tia harena na haloto fitondran-tena?

HALAVIRO NY FANDRIK'I SATANA!

MANKAHALA ny olombelona i Satan Devoly, ka ny mpanompon'i Jehovah no tena halany. Voalo-hany amin'izany ny sisa voahosotra. Miady amin' ireo Kristianina be herim-po ireo i Satan, satria mitarika ny asa fitoriana izy ireo, ary mampahafantatra fa i Satan no mitondra an'ity tontolo ity. (Apok. 12:17) Tsy tian'i Satan koa ny "ondry hafa", satria manohana ny voahosotra izy ireo ary hiaina mandrakizay. Izy anefa tsy mba hiaina mandrakizay. (Jaona 10:16) Tsy mahagaga àry raha tezitra i Satan! Na ho any an-danitra isika na ho eto an-tany, dia tadiadio fa ny handrapaka antsika no tanjony fa tsy ny hanasoa antsika.—1 Pet. 5:8.

2 Mampiasa fandrika isan-karazany i Satan mba hanatratarana ny tanjony. 'Nohajambainy ny sain'ny tsy mino', ka tsy manaiky ny vaovao tsara izy ireo ary tsy mahita ny fandrika ataony. (2 Kor. 4:3, 4) Voafandriky ny Devoly koa anefa na dia ny olona sasany efa nanaiky ny vaovao tsara aza. Nisy fandrika telo fampiasan'i Satan, noresahina tao amin'ny lahatsoratra teo aloha. Noresahina tao ny momba ny teny tsy voafehy, ny tahotra olona, ary ny fanamelohan-tena tafahoatra. Horesahintsika indray izao ny fomba azo ialana amin'ny fandrika roa hafa, dia ny fitiavan-karena sy ny fanitsakitsaham-bady.

FANDRIKA NY FITIAVAN-KARENA

3 Nanao fanoharana momba ny voa nafafy teny amin'ny tsilo i Jesosy, indray mandeha. Nilaza izy fa mety handre ny hafatra momba ilay Fanjakana ny olona iray, "kanefa ny fanahiana eto amin'ity tontolo ity sy ny famitahan'ny harena

1, 2. a) Nahoana i Satan no mankahala ny voahosotra sy ny "ondry hafa"? b) Inona no fandrik'i Satan hodinihina ato amin'ity lahatsoratra ity?

3, 4. Nahoana ny fanahiana eto amin'ity tontolo ity no mety hahatonga antsika hikatsaka harena?

dia mangeja ny teny, ka manjary tsy mamoa izy." (Mat. 13:22) Ampiasain'i Satana tokoa ny fitiavan-karena mba hamandrihana antsika.

4 Zavatra roa mitambatra no "mangeja ny teny." Voalohany, "ny fanahiana eto amin'ity tonolo ity." Betsaka tokoa ny zavatra mety hiteraka fanahiana amin'izao "fotoan-tsarotra tsy mora setraina" izao. (2 Tim. 3:1) Mety ho saro tra aminao ny mahita vola ampy hivelomana, satria miakatra be ny vidim-piaínana ary be dia be ny tsy an'asa. Mety hanahy momba ny hoavy koa ianao, ka ho lasa saina hoe: 'Hanam-bola ampy hivelomako ve aho, rehefa antitra ka tsy afaka miasa intsony?' Noho ny fanahiana toy izany, dia mikatsaka harena ny olona sasany, satria mihevitra fa tsy ho ory na inona na inona izy rehefa manam-bola.

5 Faharoa, "ny famitahan'ny harena." Milaza ny Baiboly fa 'fiarovana ny vola', izany hoe manampy antsika hahazo izay ilaintsika. (Mpito. 7:12) Tsy hendry anefa isika raha mikatsaka vola aman-karena. Maro no mahatsapa fa arakaraka ny iezahany hahazo harena, dia vao mainka izy mitady harena, ka toy ny hoe voafandrik'izy io. Las a devozin'ny vola aman-karena mihitsy aza ny olona sasany.
—Mat. 6:24.

6 Mety tsy ho tandrintandrintsika akory dia mety ho lasa tia harena isika. Eritrero izao: Manatona anao ny mpampiasa anao ary milaza hoe: "Misy vaovao tsara be! Nahazo asa vaovao ny orinasantsika. Midika izany hoe tsy maintsy hiasa bebe kokoa isika, mandritra ny volana vitsivitsy. Matokia fa homena karama fanampiny ianao!" Ahoana no hataonao raha izany no mitranga? Marina aloha fa andraikitra lehibe ny mamelom-bady aman-janaka. Tsy izany ihany anefa no andraikitrao. (1 Tim. 5:8) Misy zavatra

5. Nahoana no lazaina hoe mamitaka ny "harena"?

6, 7. a) Inona no mety hitranga any am-piasana, ka mety hahatonga ny olona iray ho lasa tia harena? b) Inona no tokony hodinihin'ny Kristianina iray, raha angatahina hiasa mandritra ny ora fanampiny izy?

hafa koa tokony hodinihinao. Anisan'izany ny hoe: Adiny firy ianao no tsy maintsy hiasa, ankoatra ny ora fiasana mahazatra? Ho voahelingelin'ilay asa ve ny fandaharanao ara-panahy, anisan'izany ny favoriana sy ny Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana?

7 Eritrero hoe inona no zava-dehibe indriindra aminao: Ny vola fanampiny horaisinao ve, sa ny fifandraisanao amin'i Jehovah? Ho may hahazo vola bebe kokoa ve ianao, ka tsy hataonao loha laharana intsony ilay Fanjakana? Takt-trao ve fa raha ny vola sy ny harena no ataonao eo amin'ny toerana voalohany, dia ho lasa antisirambina ny ara-panahinao sy ny an'ny fianakaviana, ka ho simba ny fifandraisanareo amin'i Jehovah? Ahoana anefa raha efa tandidomin-doza ny ara-panahinao izao? Inona no

Mangeja ny fitiavan-karena, ka manakana antsika tsy hifandray tsara amin'i Jehovah. Aza avela hitranga aminao izany



azonao atao mba tsy hahatonga anao ho voagejan'ny fitiavan-karena?—*Vakio ny 1 Timoty 6: 9, 10.*

8 Ilaina ny mandinika foana ny fomba fiaintantsika, mba tsy hahatonga antsika ho voagejan'ny fitiavan-karena. Mila mitandrina isika mba tsy hanao tsinontsinona ny zava-masina, toy ny nataon'i Esao. (Gen. 25:34; Heb. 12:16) Tsy tokony hanahaka an'ilay lehilahy nanan-karena niresahan'i Jesosy koa isika. Nasain'i Jesosy hivarotra ny fananany sy hanome izany ho an'ny mahantre izy, ary avy eo hanara-dia azy. Tsy na-nao izany anefa ilay lehilahy, fa 'laza tamin'ala-helo satria maro ny fananany.' (Mat. 19:21, 22) Voafandriky ny harena izy ka matiantoka be, satria tsy lasa mpanara-dia an'ilay lehilahy nivaka indrindra teto an-tany! Mitandrema koa àry sao ho very ny tombontsoanao, dia ny hoe mpanara-dia an'i Jesosy Kristy.

9 Mila manaraka an'ity torohevitr'i Jesosy ity isika, mba tsy hanahy be loatra momba ny fia-nana. Hoy izy: "Aza manahy mihitsy ianareo hoe: 'Inona no hoharinay?', na 'Inona no hosotroinay?', na 'Inona no hotafinay?' Izany rehetra izany mantsy no katsahin'ny olona eo amin'izao tontolo izao fatratra. Fa fantatry ny Rainareo any an-danitra fa ilainareo izany rehetra izany." —Mat. 6:31, 32; Lioka 21:34, 35.

10 Tsy tokony hanaiky ho voafitaky ny harena isika, fa hanana fomba fihevitra toa an'i Agora, mpanoratra Baiboly. Hoy izy: "Aza atao mahantre loatra aho, na manan-karena loatra. Izay tena ilaiko ihany omena ahy." (Ohab. 30:8, *Dikan-teny Anglisy Maoderina*) Takatr'i Agora tsara fa ilaina ny vola. Takany koa anefa hoe mamitaka izy io. Tokony ho takatsika koa àry fa mety hanimba antsika eo amin'ny lafiny ara-panahy ny fanahiana eto amin'ity tontolo ity sy ny fami-

8. Inona ny ohatra ara-baiboly afaka manampy antsika handinika ny fiaintantsika?

9, 10. Ahoana no tokony ho fiheverantsika ny zavatra ara-nofo, raha ny Baiboly no jerena?

tahan'ny harena. Raha manahy be loatra momba izay ilaintsika isika, dia mety ho lany amin'ny fitadiavam-bola ny fotoanantsika sy ny herintsika, ary tsy hazoto hikatsaka an'ilay Fanjakana intsony isika. Aoka àry ianao ho tapa-kevitra ny tsy ho azon'i Satana amin'ny fitiavan-karena.—*Vakio ny Hebreo 13:5.*

FANDRIKA TSY MORA HITA NY FANITSAKITSAHAM-BADY

11 Rehefa te hisambotra biby lehibe ny mpihaza, dia manamboatra lavaka eo amin'ny lalana falehan'ilay biby. Saronany rantsan-kazo sy tany kely izany avy eo, mba tsy ho hitan'ilay biby. Mitovy amin'io karazana fandrika io ny fandrika tena mandaitra iray ampiasain'i Satana. Tsy inona izany fa ny fitondran-tena maloto. (Ohab. 22:14; 23:27) Maro ny Kristianina latsaka tao anatin'io lavaka io, satria tsy nitandrina tamin'ireo toe-javatra mora mahavoan'ny fakam-panahy. Lasa raiki-pitia tamin'olon-kafa tsy vadiny ny Kristianina sasany, ka nanjary nanitsakitsa-bady.

12 Mety ho lasa raiki-pitia amin'ny olona any am-piasany ny Kristianina iray efa manambady. Hita tamin'ny fanadihadiana fa njangajanga tamin'ny mpiara-miasa taminy ny ankamaroan'ireo lehilahy nanitsakitsaka ny vadiny. Toy izany koa ny antsasany mahery tamin'ireo vehivavy nanitsakitsa-bady. Ahoana àry no hataonao, raha vehivavy ianao, ka tsy maintsy mifandray amin'ny lehilahy any am-piasana, na lehilahy ianao ka tsy maintsy mifanerasera amin'ny vehivavy any am-piasana? Diniho hoe manao ahoana ny fifandraisanareo. Feranao ve ny resakareo mba ho resaka asa ihany? Raha miresaka mate-tika amin'ny lehilahy iray ny anabavy iray, dia mety hiresaka ny tsiambaratelony ilay anabavy amin'ny farany, na hiresaka ny olana ao an-to-kantranony mihitsy. Raha minamana amin'ny vehivavy koa ny rahalahy iray any am-piasana,

11, 12. Inona no zavatra mety hitranga any am-piasana, ka mety hahatonga ny Kristianina iray hanitsakitsa-bady?

dia mety hanjary hieritreritra izy hoe mahafinritra ilay vehivavy. Mety ho tsapany hoe zavadehibe amin'ilay vehivavy ny heviny, mihaino azy tsara ilay vehivavy rehefa miresaka izy, sady tena *manaja* azy. Mety hieritreritra ary ilay rahalahy hoe: "Raha mba hoatran'izany mantsy ny vadiko!" Takatrao ve fa mety hahatonga ny Kristianina hanitsakitsa-bady ny toe-javatra toy izany?

¹³ Mety ho lasa raiki-pitia amin'ny olona iray eo anivon'ny fiangonana koa ny Kristianina manambady. Diniho izay nitranga tamin'i Daniel sy Sarah.* Mpisava lalana maharitra izy mivady. Anti-panahy i Daniel, ary tsy mba manda mihitsy rehefa misy andraikitra ampanaorina azy. Nisy lehilahy dimy nampianariny Baiboly, ary natao batisa ny telo. Nila fanampiana be ireo rahalahy vao vita batisa ireo, ary i Sarah matetika no nanampy azy ireo, rehefa repotra tamin'ny andraikiny i Daniel. Nanjary i Sarah foana no nampahery azy ireo, rehefa nila fampaherezana izy ireo. I Sarah koa anefa mba nila olona hiahy azy, ary ireo rahalahy ireo no niahys azy. Loza anefa no vokatr'izany rehetra izany. Hoy i Daniel: "Nanampy an'ireo rahalahy ireo foana ny vadiko nandritra ny volana maro, ka nila fampiana ara-panahy sy ara-pihetseham-po. Izaho anefa tsy nanampy azy. Loza no vokany, satria niaraka tamin'ilay rahalahy iray nampianariko izy. Variana loatra tamin'ny andraikitro aho, ka tsy hitako akory hoe hay efa lasa nalemy ara-panahy ny vadiko." Inona no azonao atao mba hisorohana ny loza toy izany?

¹⁴ Tokony hosaintsaininao hoe inona no dikan'ny hoe tsy mivadika amin'ny vady, raha tianao ny tsy hanitsakitsa-bady. Hoy i Jesosy: 'Aoka izay nampiraisin'Andriamanitra zioga,

* Novana ireo anarana.

¹³. Ahoana no mety hahatonga ny Kristianina manambady ho raiki-pitia amin'ny olona eo anivon'ny fiangonana?

^{14, 15}. Inona no afaka manampy ny Kristianina mba tsy hanitsakitsa-bady?

tsy hosarahin'olona.' (Mat. 19:6) Midika izany fa tsy tokony hisy na inona na inona hanasara-ka anao amin'ny vadinao. Aza mieritreritra mihitsy hoe zava-dehibe kokoa noho ny vadinao ny andraikitrao eo anivon'ny fiangonana. Tadio dia fa raha zatra manao zavatra tsy miaraka amin'ny vadinao ianao, nefo tsy tena zava-dehibe ilay izy, dia mety hanaratsy ny fifandraisaneo mivady izany. Mety hiteraka fakam-panahy izany, ary mety hitarika ho amin'ny fahotana lehibe.

¹⁵ Raha anti-panahy anefa ianao, dia mety hieritreritra hoe: 'Dia ahoana izany ny fikarakarana ny fiangonana?' Nilaza tokoa ny apostoly Petera hoe: "Andraso ny andian'ondrin'Andriamanitra eo ambany fiandraiketanareo, tsy antery anefa, fa an-tsitrano, ary tsy noho ny fitiavana tombony azo amin'ny tsy marina, fa amim-paharisihana kosa." (1 Pet. 5:2) Midika izany fa tsy tokony hatao ambanin-javatra ny fikarakarana ny andian'ondry. Na izany aza anefa, dia tsy mety raha vitanao tsara ny andraikitrao amin'ny maha anti-panahy anao, nefo ataonao tsirambina ny andraikitrao amin'ny maha vady anao. Tsy hisy dikany raha toa ianao ka mifantoka tanteraka amin'ny famahanana ny andian'ondry, nefo mamela ny vadinao ho mosarena ara-panahy. Mety hampididoza ny tokantranonareo mihitsy aza izany. Hoy i Daniel, ilay voaresaka tetsy aloha: "Tsy mety ny hoe miezaka mafy manao ny andraikitrao eo anivon'ny fiangonana ianao, nefo manao tsirambina ny fianakavianao."

¹⁶ Misy torohevitra tsara be dia be ao amin'ny *Tilikambo Fiambenana sy Mifohaza!*, natao hanmpiana ny Kristianina mba tsy hanitsakitsa-bady. Izao, ohatra, no voalazan'ny *Tilikambo Fiambenana* 15 Septembre 2006: 'Halaviro

^{16, 17. a)} Inona no azon'ny Kristianina manambady atao, mba hampisehoana amin'ny mpiara-miasa fa tsy hiaraka amin'olon-kafa mihitsy izy? b) Inona no lahatsoratra afaka manampy ny Kristianina hisoroka fakam-panahy?



Mety ho voatarika hanitsaktsa-bady ny olona iray, raha manadaladala olona, na manaiky hadaladalain'ny olona

ny toe-javatra mety hahatonga anao hiraiki-po amin'ny olona tsy vadinao, rehefa any am-piasana, na any an-toeran-kafa. Mety ho tratranc'ny fakam-panahy, ohatra, ny lehilahy sy vehivavy, raha miara-miasa akaiky ivelan'ny ora fiasana. Raha lehilahy na vehivavy manambady ianao, dia asehoy mazava tsara amin'ny alalan'ny teninao sy ny fihetsikao, fa tsy afaka miaraka amin' olona ankoatra ny vadinao ianao. Olona mahafony tena ho an'Andriamanitra koa ianao, ka azo inoana fa tsy ho ianao indray no hijejojeo amin'ny olona na hihaingo amin'ny fomba tsy maotina, mba hisarihana ny sain'ny hafa. Azonao asiana sarin'ny vady aman-janakao koa ao amin'ny toeram-piasanao. Izany no hampahatsiahy anao sy ny hafa, fa tianao ny ankohonanao. Aoka ianao ho tapa-kevitra handa an-ktisirano, rehefa misy olona mitady hanangoly anao.'

¹⁷ Tena tsara koa ny torohevitra tao amin'ilay lahatsoratra hoe "Tena Tsy Mivadika Amin'ny Vadinao ve Ianao?", tao amin'ny *Mifohaza!* April 2009. Nampitandrina ny Kristianina izy io, mba tsy haka sary an-tsaina ny tenany manao firaisana amin'olona tsy vadiny. Voalaza tao fa atahorana kokoa hijangajanga ny olona manana eritreritra toy izany. (Jak. 1:14, 15) Raha manambady àry ianao, dia tena tsara raha iaranareo midinika tsindraindray ireny lahatsoratra ireny. I Jehovah no nanao ny fanambadiana ary masina izy io. Hita hoe mankasitraka ny zava-masina ianao, raha manokana fotoana hiresahana amin'ny vadinao momba ny tokantranareo.—Gen. 2:21-24.

¹⁸ Raha tsapanao fa mitady hanomboka ho tia olon-kafa tsy vadinao ianao, dia saintsaino ny voka-dratsin'ny fijangajangana sy ny fanitsakitsaham-bady. (Ohab. 7:22, 23; Gal. 6:7) Tsy mampifaly an'i Jehovah ny olona maloto fitondran-tena. Mandratra ny fon'ny vadiny koa izy, sady manimba ny tenany. (*Vakio ny Malakia 2:13, 14.*) Eritrero koa ny soa azon'ny olona madio fitondran-tena foana. Tsara ny fiainany dieny izao, manana feon'ny fieritreretana madio izy, ary hiaina mandrakizay.—*Vakio ny Ohabolana 3:1, 2.*

¹⁹ Nilaza ny mpanao salamo fa ho be ny fia-danan'ireo tia ny lalàn'Andriamanitra, ary tsy hisy fandrika hahavoa azy ireo. (Sal. 119:165) Aoka àry ianao ho tia ny fahamarinana, ary 'mitandrema hatrany mba tsy hitondranao tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry', amin'izao andro feno faharatsiana izao. (Efes. 5:15, 16) Feno'in'i Satana fandrika ny lalantsika mpanompon'i Jehovah. Omen'i Jehovah izay rehetra ilaintsika anefa isika, mba hahafahantsika 'hiorina mafy' sy hahavita "hamono ny zana-tsipi-ka mirehitra rehetra alefan'ilay ratsy."—Efes. 6: 11, 16.

^{18, 19.} a) Inona no vokatry ny fanitsakitsaham-bady?
b) Inona no soa azon'ny olona tsy manitsaktsa-bady?

Novakinao tsara ve ireo *Tilikambo Fiambenana* faramparany?

Jereo àry raha hainao ny mamaly an'ireto fanontaniana ireto:

Avy amin'ny volon'i Samsona ve ny hery nananany?

Tsia. Tsy ny volony no nahatonga an'i Samsona hatajaka be, fa noho izy Nazirita ka nanana fifandraisana manokana tamin'Andriamanitra. Marika fotsiny ilay volo hoe Nazirita izy. Nasain'i Delila notapahina anefa ny volony, ka nisy vokany teo amin'ny fifandraisan'i Samsona tamin'i Jehovah izany.—15/4, pejy 9.

Inona ireo zavatra telo misy vokany tsara eo amin'ny fontsika?

1) *Ny sakafo*: Ilaina ny sakafo mahasalama mba ho salama tsara ny fontsika. Toy izany koa fa mila mandray sakafo ara-panahy ampy tsara isika, raha tiantsika ho salama tsara ny fontsika an'ohatra. 2) *Ny fanatanjahan-tena*: Mila mazoto manompo isika, dia ho salama tsara foana ny fontsika an'ohatra. 3) *Ny manodidina antsika*: Tena miahys antsika ny mpiara-manompo, ka ho maivamaivana ny fontsika raha mifandray amin'izy ireny isika.—15/4, pejy 16.

Inona no azon'ny mpivady atao mba hahatonga azy ireo hifampatoky indray, raha nanitsakitsa-bady ny iray tamin'izy ireo?

1) Tsory daholo ny marina. 2) Aza samy maka ho azy. 3) Ovao ny toetranao, raha ianao ilay diso. 4) Aza mitana lolombo ela loatra, fa miezaha hamitram-pihavanna.—1/5, pejy 12-15.

Nahoana ireo rahalahy manao lahatenim-pande-nana no tsy tokony hampihatra ny Salamo 116:15 amin'ny olona nodimandry?

Milaza io andininy io hoe: "Sarobidy amin'i Jehovah ny fahafatesan'ireo olony tsy mivadika." Midika izany hoe tena mafy be amin'i Jehovah ny fahafatesan'ny mpanompony *amin'ny fitambarany*, ka tsy have-lany hitranga mihitsy izany. Tsy havelany ho ripaka mihitsy ny mpanompony *amin'ny fitambarany*.—15/5, pejy 22.

Ahoana no niantsoana ny mpisava lalana fahiny?

Nantsoina hoe "mpivarotra boky ara-pivavahana" ny mpisava lalana fahiny. Tamin'ny 1931 no nano-

mboka nampiasaina ny hoe "mpisava lalana."—15/5, pejy 31.

Inona ny porofa sasany mampiseho fa tsy boky tsotra fotsiny ny Baiboly?

Maro amin'ireo zavatra voalaza mialoha ao amin'ny Baiboly no tanteraka. Zavatra tena nisy no resahiny ao, fa tsy angano. Mifanaraka amin'ny siansa koa izy io, ary mirindra tsara. Tsy lany andro koa ny torohet-vitra omen'izy io.—1/6, pejy 4-8.

Iza no antsoin'ny Daniela 2:44 hoe "ireo fanjakana rehetra ireo"?

Ireo fanjakana ireo dia ny fanjakana rehetra voalaza ao amin'ilay sarivongana ngezabe, tao amin'ilay nofy nohazavain'i Daniela.—15/6, pejy 17.

Oviana no lasa firenena matanjaka fahafito araka ny voalazan'ny faminaniana, ny Firenena Matanjaka Anglisy-Amerikanina?

Nitranga izany rehefa niara-niasa nanao zavatra nia-vaka i Grande-Bretagne sy Etazonia, tamin'ny Ady Lehibe I.—15/6, pejy 19.

Inona no dikan'ny hoe manadino ny fahotan'ireo olona mibebaka i Jehovah rehefa mamela azy ireny?

Hoy i Jehovah momba ny olona ankasitrahany: "Tsy hotsarovako intsony ny fahotany." (Jer. 31:34) Afaka mamela heloka i Jehovah, miorina amin'ny vidim-pnavotana. Tsy hotsarovany intsony ny heloka avelany, izany hoe tsy hampiasainy intsony mba hanasaziana an'ilay olona.—1/7, pejy 18.

Nahoana isika no mino an'ireo fahagagana resahin'ny Baiboly?


Satria natao teny imason'olona matetika ireny fahagagana ireny, fa tsy tany amin'ny takona. Tsy be filirony koa izy ireny, ary tsy nisy fitaovana manokana nampiasaina. Tsy natao hahazoana laza izy ireny, fa natao hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra. Isankarazany ny fahagagana tantarain'ny Baiboly, ary tsy nisy mpanohitra tamin'izany andro izany nilaza hoe tsy nitranga izy ireny.—1/8, pejy 7-8.

Ny Tantaran'ireo Mpitety Fiangonana

"TSY vitako ny hitory isan-trano!" Marina fa maro ny mpianatra Baiboly mahatsapa toy izany rehefa mieritreritra hoe hitory amin'ny olona tsy fantatra. Olona mahay mandaha-teny sy mahay mampianatra Baiboly anefa no nilaza an'io teny io. Rahalahy antsoina hoe mpitety fiangonana.

Nampirisika ny mpamaky ny *Tilikambo Fiambenan'i Ziona* hoe mitadiava olona liana toa anareo, ary miaraha mianatra Baiboly tsy tapaka. Maro ary no nandao ny fiangonany, ary naniry hiaraka tamin'ireo mangetaheta ny fahamarinana. Nanniraka solontena hitsidika an'izay antokon'olona liana, naniry hotsidihina, ny fikambanantsika, nannomboka tamin'ny 1894. Nantsoina hoe mpitety fiangonana izy ireny. Nofidina manokana izy ireny, satria be fandeferana, mahay tsara ny Baiboly, mahay mandaha-teny sy mampianatra, ary mino tainteraka ny vidim-panavotana. Naharitra iray na roa andro ny fitsidihan'izy ireo. Nizara fanasana hanatrika ny lahatenin'izy ireny no fotoana voalohany nandehanan'ny olona maro teny amin'ny saha. Nanao lahateny tao amin'ny sekoly iray i Hugo Riemer, indray hariva, ary namaly ny fantonian'ny olona izy taorian'izay, ka taorian'ny misasakalina vao vita. Vizana be izy nefafaly, ka nilaza fa "nahafinaritra" ilay favoriana. Anisan'ny Filan-kevi-pitantanana io rahalahy io tat� aoriana.

Milaza Ny *Tilikambo Fiambenan'i Ziona* fa "tena mahafinaritra" ny fitsidihan'ny mpitety fiangonana, satria nampahery ny "mpiray finoana" ny favoriana nataon'izy ireo, izay natao tany an-tranon'ny mpiara-manompo. Tonga daholo ny Mpianatra ny Baiboly teny amin'ny manodidina mba hihaino ny lahateniny, sady azo natao koa ny nametraka fantoniana. Niara-nisakafo ny rehetra taorian'izay. Tsaroan'i Maude Abbott fa tamin'izy mbola ankitivavy kely, dia nipetraka nanodidina ny latabatra lava be iray teo an-tokotany izy ireo, rehefa avy nihaino lahateny iray. Hoy izy: 'Be dia be ny sakafo sady natsiro. Teo ny akoho nendasina. Teo koa ny



Nanao fitsidihana 170 teo ho eo i Benjamin Barton tamin'ny 1905

mofo sy mofomamy isan-karazany! Nihinana izay laniny ny rehetra. Nihaino lahateny indray izahay tamin'ny roa tolakandro. Rendremana anefa ny rehetra.' Hoy i Benjamin Barton, mpitety fiangonana efa ela: 'Efa ela aho no tsy nitety fiangonana intsony, raha nohaniko daholo ireo sakafo matsiro be naroso ho ahy.' Nisy taratasy nalefan'ny foibe tat� aoriana, nanolo-kevitra an'ireo anabavy hoe 'sakafo tsotra sy mahazatra ary torimaso ampy tsara no tena ilain'ny mpitety fiangonana.'


Nahay nampianatra ireo mpitety fiangonana. "Nahaliana be foana", ohatra, ny lahatenin'i R. Barber. "Toy ny ray be fitiavana" koa i Walter Thorn rehefa niteny. Nahay nampiasa zavatra hita maso na sary koa ireny rahalahy ireny, mba hampitana hevitra. Nandeha fiara i Shield Toutjian, indray andro, ary niteny tampoka tamin'ilay mpamify hoe: "Mijanona kely." Nivoaka ny fiara izy, ary naka voninkazodia. Vetivety teo izy dia nahita lesona momba ny zavaboary mba hampianarina an'ireo olona niaraka taminy.

Niatrika zava-tsarotra maro ny mpitety fiangonana, indrindra fa ireo efa zokinjokiny. Ny

Nantsoina hoe
Pappy (Dada) ilay
mpitety fiangonana
atao hoe **Walter**
Thorn, satria toy ny
ray be fitiavana izy



Nasaina nitety
fiangonana tany
Jamaika i **J. Browne**
tamin'ny 1902
tany ho any, mba
hampahery
antokon'olona 14



fanirahana hitory no tena mafy tamin'ny sasa-ny. Nasaina hitarika ny fitoriana isan-trano koa mantsy izy ireo. Milaza *Ny Tilikambo Fiambenana* 15 Martsa 1924, fa 'ny fitoriana no asa lehibe indri-ndra' tokony hataon'ny tena Kristianina. "Izany no antony anirahana an'ireo mpitety fiangonana."

Sosotra tamin'ilay fiovana ny sasany, ka tsy nety nitety fiangonana intsony. Nisy aza namorona fivavaha. Nitantara i Robie Adkins, fa nitaraina ny mpitety fiangonana iray tena nahay nandaha-teny hoe: "Mitory eny amin'ny lampihazo ihany no hai-ko. Tsy vitako ny hitory isan-trano!" Hoy i Adkins: 'Hitako tany amin'ny fivoriambe tany Columbus, any Ohio, io rahalahy io tamin'ny 1924. Izy no olo-na nalahelo indrindra hitako tao. Ny rehetra falifaly ery, fa izy njoro irery teo ambany hazo kely iray sady nanjonitra be. Ny rahalahy maro anefa faly ery nitatitra boky nankao anaty fiarany', ary vonona hitory isan-trano. (Asa. 20:20, 21) Tsy hitan'i Adkins intsony izy taorian'izay. Niala tamin'ny fandaminana izy taorianana kelin'ilay fivoriambe.

Maro tamin'ireo mpitety fiangonana no nitory tamin'ny fony manontolo, na dia hoe natahotra toy ireo mpitery nampiofainy aza izy ireo. Hoy i Maxwell Friend avy any Alemaina: "Vao mainka nahafina-

ritra ny nitety fiangonana, rehefa nampiana fitoriana." Nilaza koa ilay mpitety fiangonana atao hoe John Bohnet fa tena faly ireo rahalahy rehefa nantitranterina ny fitoriana. Nilaza izy fa "be zotompo ny ankamaraoan'ny rahalahy, ka loha laharana foana amin'ny fitoriana."

Nisy vokany tsara ny asa nataon'ireny rahalahy tsy nivadika, nitety fiangonana, ireny. Hoy i Norman Larson, Vavolombelona efa ela: "Tena nilaina sy nahasoa ny asan'izy ireny, ary nahita izany aho tamin'ny mbola kely. Namolavola ny toetrako ny fiarahana tamin'izy ireo." Mahafoy tena sy tsy midavida ny mpiandraikitra mpitety faritany hatramin'izao, ary mbola manampy ny mpiray finoana aminy. Afaka milaza àry ny mpitery hoe: "Vitanay ny mitory isan-trano!"

Nanantanjaka ny finoan'ireo rahalahy ny mpitety fiangonana, ary nanampy azy ireo hiray saina sy hifandray akaiky amin'ny fandaminana



Fotoana nahafinaritra ny fandalovan'ny mpitety fiangonana!